

# FĀHALĀLANĀ FOTOTRĀ ISLAMIKĀ

(Bokim-panabeazana araka ny finoana Islamo)

*Ambaratonga fahadimy*

*Fanoratana*

**Sheikh ALI HASSAN GHOULOUM**

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo*

Ny Kor'any masina

*Fizarana voalohany*

**NY KOR'ANY MASINA**

# Sourat al joumou'a (1)

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.*

62.1 - «**Manome voninahitra an'Andriamanitra, izay any an-danitra sy ety an-tany, Ilay Mpanjaka, Ilay Masina, Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.**»

62.2 - «**Izy no nandefa Iraka ho amin'ireo olona tsy nahay namaky teny sy nanoratra, izay avy ao amin'izy ireo ihany, ka namaky tamin'izy ireo ny andininy avy Aminy, nanadio azy ireo, sy nampianatra ny Boky, ary ny fahendrena, na dia tao anatin'ny fahaverezana tokoa aza izy ireo taloha.**»

**Voambolana:**

**Youssabbih:** manome voninahitra

**Alqoddous:** feno fahamasinana sy fahadiovana.

**Al 'azîz:** izay tsy misy mandresy Azy.

**Al hakim:** izay manao ny asany tongalafatra, fa tsy manao zavatra amin'ny fahabadoana.

**Al oummiyyine:** ireo izay tsy mahay mamaky sy manoratra.

**Youzakkihim:** mampivoatra azy ireo amin'ny fivoarana mendrika.

## Ny andininy voalohany

### Ireo toetra tsy mendrika ho an'Andriamanitra

Ny mpino dia manala an'Andriamanitra tanteraka amin'ireo andiana toetra tsy mendrika ho Azy, ary manda izany ho Azy, satria izany dia anisan'ny toetran'ireo zavaboahary. Ka ohatra amin'izany, ny zavaboahary dia maty, fa Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha kosa, dia tsy maty. Ny zavaboahary dia matory, fa Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha kosa dia tsy mandaitra Aminy ny faharendremana sy ny torimaso. Ary ny zavaboahary dia manana vatana, fa Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha kosa tsy mba manana vatana.

Ka ny fahafatesana sy ny torimaso ary ny fananam-batana, ny fihetsehana sy ny tsy fihetsehana ary izay mitovy amin'izany dia toetra natokana ho an'ny zavaboahary, ka noho izany dia adidintsika ny tsy mamaritra izany ho an'Andriamanitra, fa manadio Azy amin'izany rehetra izany.

Ary raha mijery isika, ireo zavaboaharin'Andriamanitra, Ilay be voninahitra, dia ahoana ny fomba nahariana azy ireo, sy ny rindran-damina ara-boajanahary amin'ny antsipirihany izay tsy mbola rava hatramin'izay hatramin'izay nampisian'Ilay Mpahary Mahery sy Tsitoha azy ireo, ka hitantsika fa izany rehetra izany dia manaporofa sy manamafy fa Andriamanitra Mahery sy Tsitoha dia tsy azo faritana ho Azy ny fahafatesana, na ny torimaso, na ny habadoana, na ny fananam-batana, sy ireo mitovy amin'izany amin'ireo toetra.

### **Ireo toetra mendrika misy amin'Andriamanitra**

Ny mpino dia mino fa Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia manana ireo toetra izay tsy maintsy faritana ho Azy: ka Andriamanitra Ila Mahery sy Tsitoha dia faritana ho Ilay Mpanjaka (Al Mâlik) satria Izy dia Tompon'ny zava-drehetra. Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia faritana ho Ilay Masina (Al qoddous); satria Izy dia madio amin'ireo zavatra ratsy rehetra. Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia faritana ho Ilay Tsitoha (Al azîz), satria tsy misy na iza na iza, na inona na inona mandresy Azy. Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia faritana ho Ilay be fahendrena, satria Izy dia tsy manao zavatra raha tsy noho ny fahendrena sy mahaso, ka ny asany rehetra dia tsy ho kilalao na fialamboly na ho zava-poana.

Ka ny Mpanjaka, ny Masina, ny Tsitoha ny be fahendrena, ny Velona, ny Mpahalala, ny Mpahefa, ny Mpahary, sy ny mitovy amin'izany, dia toetra tsy maintsy ho an'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha, ary ireo toetra ireo no antsoina hoe: toetra misy sy mendrika ho an'Andriamanitra (assifât assoubotiya).

## Ny andininy faharoa

### Ny fandefasany ny Mpaminany Mohammad (ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahian'Andriamanitra)

Talohan'ny nandefasana ny Mpaminany Mohammad (saw), ny arabo dia niaina tao anatin'ny habadoana sy ny fahaverezana, tsy nahafantatra ny finoana izay tokony hinoany izy ireo, ary tsy nahafantatra ihany koa ireo fahalalana izay tokony hianaran'izy ireo, ary tsy nahafantatra ireo toetra izay tokony harahina. Ka dia nalefa teo amin'izy ireo ilay lehiben'ny Mpaminany sy Irak'Andriamanitra; Ilay farany amin'izy ireo dia i Mohammad (saw) izany, izay nomen'Andriamanitra fanampiana tamin'ny fahagagana lehibe, dia ny Kor'any masina izany, mba hamoaka azy ireo amin'ny fahabadoany, sy handiovany ny fanahin'izy ireo sy ny vatan'izy ireo amin'ny fanompoan-tsampy sy ny fahotana maro, ary ireo toetra tsy mendrika sy asa ratsy.

Ary ny lehibentsika Mohammad (saw) dia tsy vahiny tamin'ireo Koraisita akory, fa zafin'ny mpitondra Koraisita Abdoulmouttalib, ary izy ireo dia nahafantatra tsara ny hatsaran-toetrany, sy ny fitondrante-nany mendrika, ary ny fahamarinany sy ny fanajam-pitokisana teo aminy, hatramin'ny fahakeliny, ary fantatr'izy ireo tsara fa izy dia mitovy amin'izy ireo tsy mahay mamaky teny sy manoratra, ary tsy mba nianatra tamin'ny olona mihitsy, ka noho izany rehefa nilaza tamin'izy ireo izy fa Mpaminanin'Andriamanitra, ary ny Kor'any dia nidina avy amin'Ilay be voninahitra, dia marina tsy isalasalana izany.

Ary ny Mpaminany (saw) dia nanao ezaka goavana tokoa, tamin'ny fanatanterahana ny adidiny, izay napetrak'Andriamanitra be voninahitra tamin'ny, ka dia nitony ny Kor'any masina tamin'ny olona izy,



sy nitaiza azy ireo tamin'ny fitaizana mendrika, ary namerina azy ireo amin'ny toetra feno fahamendrehana. Ireo mpanompo sampy dia niaina tao anatin'ny habadoana tanteraka, sy fihemorana ary korontana, ny lalànan'ny tsy refesi-mandidy sy ny tsindrihazolena no nanjaka teo amin'izy ireo, ary nino ny finoanoam-poana maro izy ireo, nanao ihany koa ny majika sy ny famosaviana, ary nandrera ny tenan'izy ireo tamin'ny fankatoavana ireo vato izay tsy manisy ratsy sy tsy mahaso azy ireo akory, niady an-trano koa izy ireo, ary nifanafika ny andaniny sy ny ankilany; namono ny zanak'izy ireo vao teraka, nisotro toaka, ary nihinana ireo zava-dratsy toy ny rà sy ny biby maty ho azy, nilalao ihany koa ny filokana, nanjaka teo amin'izy ireo ny fanjanaham-bola, ary tsy mba menatra tamin'ny fihetsika ratsy sy mamoafady.

Rehefa izany, ny Mpaminany (saw) dia nanazava tamin'izy ireo ny hevitra ny tenin'ny Kor'any masina, sy ny dikany, ny lalàna sy ireo fahalalana misy ao anatin'izany bokin'Andriamanitra izany, izay tsy misy mitovy aminy, tany am-boalohany ka hatrany am-parany.

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia manana ireo toetra misy Aminy sy mendrika Azy, ary ny hafa tsy misy Aminy sy tsy mendrika Azy.

2- Ilay Mpanjaka, Ilay Masina, Ilay Tsitoha, Ilay be fahendrena, Ilay Mpa-halala, dia anisan'ny toetran'Andriamanitra misy Aminy sy mendrika Azy.

3- Tsy vatana Izy, tsy maty Izy, tsy matory Izy, tsy mihinana Izy, dia anisan'ny toetran'Andriamanitra tsy misy Aminy ary tsy mendrika Azy.

4- Nandefa ny Mpaminany Mohammad (saw) tsy mahay mamaky teny sy nanoratra Andriamanitra mba hamoaka ny zanak'olombelona avy amin'ny fahamaizinana ho amin'ny fahazavana.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Mitanisà toetra roa amin'ireo toetra misy amin'Andriamanitra sy mendrika Azy (amin'ireo izay tsy voalaza ao amin'ny lesona).

2- Mitanisà toetra roa amin'ireo toetra tsy misy amin'Andriamanitra sy tsy mendrika Azy (amin'ireo tsy voalaza ao amin'ny lesona)  
Voninahitra ho an'Izay tsy voafetra sy tsy voafaritra ary tsy misy ohatra Azy, tsy misy n'inon'inona mitovy Aminy, ary Mandre sy Mahita Izy.  
Ny Imamo Ali Al Hâdi (a.s)

## Sourat al joumou'a (2)

62.3 - «**Toy izany koa, tamin'ny hafa, izay tsy mbola nanaraka azy ireo. Fa Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena.»**

62.4 - «**Izany no fahasoavan'Andriamanitra, omeny izay tiany homena. Fa Tompon'ny fahasoavana lehibe Andriamanitra.»**

**voambolana:**  
**lammâ:** tsy

### Ny andininy fahatelo

**Ny maha finoana ho an'izao tontolo izao ny Islamo sy ny maha farany azy**

Tsy ho an'ireo mpanompo sampy tao Makka sy ny arabo izay niaina tamin'izany fotoana izany ihany no nandefasan'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha ny Irany(saw), fa tena marina ny finoana izay nentiny dia ny Islamo lehibe, izay misy ny fanadiovana ny fanahy amin'ny faharatsiana rehetra, misy ihany koa ny fampianarana avy amin'Andriamanitra mahasambatra ny olona eto an-tany sy any an-koatra, ao koa ireo fahalalana sy fahafantarana manan-danja, ary izy dia finoana ho an'izao tontolo izao, natao ho an'ireo olona rehetra niaina tamin'izany fotoana izany, izy no finoana farany amin'ireo finoana rehetra, satria izy no finoana izay tian'Andriamanitra ho an'ny olona rehetra hatramin'ny andro fitsanganana, izy ilay finoana izay manatsara ny olombelona rehetra mandra-pahatongan'ny andro hananganana azy ireo.



# Ny andininy fahefatra

## Tompon'ny fahasoavana lehibe Andriamanitra

Tena marina ny fandefasana ny Mpaminany Mohammad (saw) sy ny finoana izay nentina ary ny Kor'any izay nampianariny antsika, dia anisan'ny fahasoavana lehibe izay nomen'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha ho an'ny olombelona, ka isaorantsika Azy amin'izany voninahitra lehibe izany, amin'ny alalan'ny finoana ny hafatry ny Mpaminany, sy ny fankatoavana azy, ary ny fanarahana ny tantarany sy ny fomba amampanaony, ary ny fitiavana ny fianakaviany raha niteny Andriamanitra Ilay avo indrindra hoe: “Lazao hoe: “Tsy mangataka tambiny aminareo amin'izany aho, afa-tsy ny fitiavana ireo havana akaiky” (As shoura 42.23). Tena marina ny olombelona miaina amin'izao fotoana izao dia ao anatin'ny fahaverezana, sy korontana, ary ny tsy rariny, izay mitovy amin'ny niainan'ireo mpanompo sampy rehefa nandefa ny lehibentsika Mohammad (saw) Andriamanitra, satria efa niely ny faharatsiana eto an-tany, manalavitra Ilay Mpahary azy ny olona, ary mitia ny fiainana an-tany, fa manda kosa ny fiainana any an-koatra, ka ny matanjaka amin'izy ireo dia lasa manjakazaka amin'ny osa, ary manao tsy rariny aminy nefa tsy misy mamaly azy, mirona any amin'ny finoanoam-poana ny olona, sy ny majika ary ny famosaviana, nefa tokony hirona any amin'Andriamanitra be voninahitra, hamaha ireo olany, niely ihany koa ny toaka, sy ny filokana, ny fampanjanaham-bola, ny fihinanana sakafo voarara, ary dia manaraka ireo tsy mpino ny mpino amin'izany rehetra izany, ka dia mamela ny finoan'izy ireo, sy ny toetran'ny Mpaminany, any ambadiky ny lamosiny, ary dia very sy osa ary matiantoka izy ireo.

Efa nanazava Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra ao amin'ny Kor'any masina fa ny hery sy tanjaka tena marina dia amin'Andriamanitra irery ihany, ary ny fahasambarana eto an-tany sy any an-koatra dia ao amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra sy ny Mpaminany ary ny fianakaviany (a.s); ary ny finoana Azy Ilay be voninahitra, dia tsy maintsy arahina asa soa, sy fitondrantena mendrika, ary izay mila ny ankoatra izany dia mamery ny lalany fa tsy manaraka ny fahitsiana. Niteny Ilay avo indrindra: **«lazao azy ireo: “Lazaiko sy hamafisiko,**

**fa ny taridàlan'Andriamanitra no làla-marina»** (al baqara 2.120).

### **Ireo filazana masina avy amin'ny Mpaminany**

Ary ireo filazana masina dia efa nanamafy amin'ny maha zava-dehibe ny fanarahana ny làlan'Andriamanitra be voninahitra, ary ny fahatsarana rehetra dia ao anatin'izany, ary ny fanarahana ny Mpaminany sy ny fianakaviany (a.s) dia fanarahana ny làlan'Andriamanitra llay avo indrindra, ka indreto ny andiany amin'izany filazana izany:

Avy amin'ny Imamo Ali (a.s): “izay manaraka ny làla-mahitsy dia tarihin'Andriamanitra sy hahitsiny, fa izay manaraka ny tsy làlan'Andriamanitra be voninahitra dia very”

Avy aminy (a.s) ihany, izay tsy mahitsy amin'ny fahitsiana dia misintona azy any amin'ny faharatsiana ny fahaverezana”.

Avy amin'ny Imamo Ali (a.s): “arahinareo ny làlan'ny Mpaminaninareo fa izany dia tsara indrindra amin'ny fitarihana, ary ataovy ny fomba amam-panaony, fa izany no fahitsiana tsara indrindra amin'ny fomba amam-panao”.

Avy amin'ny Imamo Ali: “jereo-nareo ny fianakavian'ny Mpaminaninareo, dia araho ny fombany, aza misongona azy ireo fa ho very ianareo, ary aza mijanona afara aorian'izy ireo ihany koa, fa ho rendrika ianareo”.



## **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

- 1- Ny Islamo no namarana ny finoana rehetra.
- 2- Ny fampianaran'ny finoana Islamo dia mifanaraka sy mety amin'ny fotoana rehetra sy ny toerana rehetra.
- 3- Ny fanavotana ny zanak'olombelona dia ny fanarahana ny finoana Islamo.
- 4- Adidintsika ny misaotra an'Andriamanitra izay nanome antsika ny Islamo, ary izany dia amin'ny fankatoavana Azy sy ny Irany ary ireo fianakaviany (a.s).

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Iza ireo tiana hambara amin'ny tenin'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha hoe: “Toy izany koa, tamin'ny hafa, izay tsy mbola nanaraka azy ireo. Fa Izy no Ilay Tsitoha, Ilay be Fahendrena”?

2- Ahoana ny fomba hisaorantsika an'Andriamanitra be voninahitra amin'ireo fahasovana lehibe izay nomeny antsika?

Tena marina izahay fianakavian'ny Mpaminany dia hazon'ny faminiana ary fitoeran'ny hafatra, karazana Anjely samihafa, tranon'ny famindram-po, ary loharanon'ny fahalalana.

**Ny Imamo Ali (a.s)**

## **Sourat al joumou'a (3)**

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.*

62.5 - «**Mitovy amin'ny ampondra mitondra boky ireo izay nitondra ny Taoraty, ka tsy nampihatra izany. Tena fanoharana ratsy tokoa no omena izay miampanga ireo andininy avy amin'Andriamanitra ho lainga, ary tsy mitari-dàlana ny olona mpanao ny tsy rariny Andriamanitra.**»

62.6 - «**Dia lazao hoe: “Ianareo izay manaraka ny Jodaisma! Raha mihambo ho tian'Andriamanitra ankoatra ny hafa ianareo, dia**

**aoka àry ianareo haniry ny fahafatesana, raha mpilaza ny marina tokoa”.**»

**62.7 - «Nefa dia tsy haniry izany mihitsy izy ireo, noho izay efa na-taon’ny tànan’izy ireo ihany. Fantatr’Andriamanitra tsara anefa ireo mpanao ny tsy rariny.»**

**62.8 - «Lazao hoe: “Hifanojo aminareo tokoa ny fahafatesana, izay andosiranareo. Avy eo, dia averina any amin’Ilay Mahalala ny zavamiasina sy ny miharihary ianareo, ka hampahafantariny izay nataonareo”.**»

**Voambolana:**

**Al asfâr:** ireo boky

**Za’amtoum:** nihevitra ianareo

**Allazina hâdou:** ireo jiosy

**Fa younabbioukoum:** hanambara aminareo Izy

## **Ny andininy fahadimy**

### **Ny fahalalana sy ny asa**

Nampidina ny Taoraty tamin’ny Mpaminaniny Moussa (a.s) Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha, ka nampianatra ny Taoraty tamin’ireo vahoakany avy amin’ireo jiosy ny Mpaminany Moussa (a.s), ary nambary azy ireo fa tsy misy tombontsoa ny fahalalana tsy misy asa, ary adidin’izy ireo ny mampihatra izay ao anatin’ny Taoraty, amin’ny alalan’ny asa, saingy ireo jiosy dia tsy nanatanteraka ny tenin’ny Mpaminanin’izy ireo Moussa (a.s), nianatra ny Taoraty izy ireo fa tsy nampihatra izany, ka nanao tsy rariny tamin’ny tenany izy ireo, dia tezitra tamin’izy ireo Andriamanitra, ka nampitoviany tamin’ny ampondra, izay mitondra ireo boky avy eo an-damosiny, mifono fahalalana sarobidy, karazam-pahalalana misy tombontsoa lehibe, nefa tsy mahazo tombony amin’izany akory izy, ka dia faharerahana fotsiny sisa tavela aminy amin’ny fitondrana izany.

Ary Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia mampitandrina ireo mpino amin'ny fiafaran'izy ireo sy ny toerany, sao hitovy amin'ny fiafarana sy ny toeran'ireo jiosy, raha toa izy ireo mianatra ny Kor'any nefa tsy mampihatra izany akory, niteny Ilay avo indrindra: **«Ianareo mpino! Nahoana ianareo no milaza izay tsy ataonareo? Zavatra mamofady eo anatrehan'Andriamanitra tokoa, ny fitenenanareo izay tsy ataonareo»** (As-saff 61.2-3).

Tahaka ny nampitandreman'ny Mpaminany (saw) ireo mpino silamo, ny amin'izany raha niteny izy hoe: “ny manam-pahaizana dia lehilahy roa: lehilahy manam-pahaizana, nandray ny fahalalany ka izany no avotra, ary manam-pahaizana namela ny fahalalany, ka izany no rendrika, ary tena marina fa ny olon'ny afobe dia mijaly tokoa amin'ny rivotry ny manam-pahaizana namela ny fahalalany”

## Ny andininy fahaenina

### Moa ve ireo jiosy olon-tian'Andriamanitra?

Nifindra-monina tany Al Madina Al Mounawwara ny Mpaminany Mohammad (saw), ka nisy ireo jiosy sasantsasany tao Al Madina, ary na dia niandry ny fandefasana ny Mpaminany avy amin'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha aza ireo jiosy sy nahafantatra ny toetrany ary nanambara ireo mpanompo sampy izany, nefa rehefa tonga tamin'izy ireo ny Mpaminany Mohammad (saw) nitondra ny hafatra dia tsy nino azy ny ankamaroan'izy ireo, fa niteny hoe: izahay dia sakaiza mahatokin'Andriamanitra sy olontiany, ary efa nisafidy anay Andriamanitra tamin'ny olona rehetra, ka tsy hisy n'iza n'iza hiditra paradisa afa-tsy izahay jiosy, satria izahay va-



hoakan'Andriamanitra voafidy!

Fa ianareo kosa ry mpino silamo, dia amin'ny fahadisoana, ary tsy manana fahasoavana na toeram-boninahitra eo amin'Andriamanitra ianareo, nefa Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia efa nampidina ireo andininy maro izay miampanga azy ireo sy mamaly ny tenin'izy ireo, ary manazava fa ny olombelona dia tsy mahazo ny fankasitrahana'Andriamanitra raha tsy amin'ny alalan'ny fankatoavana Azy, sy ny fanatanterahana ny baikony ary ny famelana ny fandrany, ka ny fiarahana fotsiny amin'ny olona na amin'ny vondrona dia tsy hahazoany na oviana na oviana fahasoavana avy amin'Andriamanitra, raha tsy miaraka amin'ny fahatahorana sy ny asa soa, ary ny fitondrantena mahitsy.

Ary noho ny fanoheran'ireo jiosy an'Andriamanitra sy ireo Mpaminany, no antony nampisy olana sy nidinan'ireo loza tamin'izy ireo, sy ireo olona hafa, tena marina Andriamanitra dia efa tezitra tamin'izy ireo sy nampanalavitra azy ireo ny famindram-pony.

Ary ao anatin'ity andininy masina ity dia miteny amin'ny Mpaminany Mohammad (saw) Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra: ampivorio ireo jiosy, dia lazao izy ireo: raha sakaiza sy olontian'Andriamanitra marina tokoa ianareo dia aoka haniry ny fahafatesana ho an'ny tenanareo, satria izany no fanirian'Andriamanitra, ary izany mpanompon'Andriamanitra dia mankato Azy amin'ny baikony rehetra, eny fa dia mahafoy manolotra ny aina ho an'Ilay Mpahary azy.

## **Ny andininy fahafito**

### **Mpandainga ireo jiosy**

Nefa Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra dia mahafantatra fa ireo jiosy dia mpandainga sy mpanao ny tsy rariny, satria tsy maniry na oviana na oviana ny fahafatesana izy ireo, noho ny ataon'izy ireo amin'ny tsindrihazolena sy ny fanoherana Azy. Fa misafidy ny fiainana an-tany izy ireo manoloana ny fiainana any ankoatra, ary fantatr'izy ireo tsara izay ao anatin'izy ireo fa fahava-

lon'Andriamanitra izy ireo, sady tsy olon-tian'Andriamanitra no tsy sakaizany, ary Andriamanitra mahafantatra fa mpanao ny tsy rariny izy ireo, ary ny mpanao tsy rariny dia matahotra ny fahafatesana, sy ny fihaonana amin'Andriamanitra, ary ny famaizana izay miandry azy.

## **Ny andininy fahavalo**

### **Ny fahafatesana dia marina**

Avy eo dia niteny tamin'ny Mpaminaniny Andriamanitra Ilay avo indrindra: lazao izy ireo ry Mohammad: ny fahafatesana dia marina, ary ny olona rehetra dia samy manana ny andro hahafatesany, fa tsy misy n'iza n'iza mandositra azy. Ianareo ry jiosy manohitra an'Andriamanitra sy manao ny tsy rariny, ary ianareo mahafantatra fa Andriamanitra dia hanasazy anareo amin'izany, ka mankahala ny fahafatesana ianareo, ary mandositra azy. Nefa izany fahafatesana izany dia ho tonga, ka hitsaran'Andriamanitra anareo, aorian'izany, amin'ny asanareo miharihary sy miafina, satria Andriamanitra dia mahafantatra ny miafina, sy ny miharihary, izay tsy misy miafina Aminy, ary hazavain'Andriamanitra aminareo izay miandry anareo, amin'ireo karazan-tsazy mamirifiry...marina ny fahafatesana, marina ny fitsarana, ary marina ny paradisa sy ny afobe.

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

- 1- Ny fahalalana dia tsy maintsy miaraka amin'ny asa, fa raha tsy izany dia lasa antony hitory ny olombelona.
- 2- Tsy mino ny Islamo ireo jiosy, ka dia mitoetra eo amin'izy ireo ny fahatezeran'Andriamanitra.
- 3- Ireo jiosy dia tsy olon-tian'Andriamanitra, satria Andriamanitra dia tsy tia ireo mpanao ny tsy rariny.
- 4- Ny manan'aina rehetra dia tsy maintsy manandrana ny fahafatesana, ary ho hitan'ireo jiosy ny valin'ny fanoheran'izy ireo sy ny tsy rariny nataony.

## Fanontaniana mikasika ny lesona

1- Inona no fanoharana ny olona izay tsy mampihatra izay fantany?

2- Mitanisà anarana Mpaminany telo amin'ireo Mpaminanin'ny zanak'i Israely?

- Niteny Andriamanitra Ilay avo indrindra: «**Niteny ireo Jiosy, ary toy izany koa ireo Kristianina nanao hoe: “Zanak'Andriamanitra izahay, ary notiaviny manokana”**» (al ma-ida 5.18).

Mikaroha andininy ao amin'ny sourat al jomou'a manakaiky izany hevitra izany, ary soraty.

## Sourat al jomou'a (4)

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.*

62.9 - «**Ianareo mpino! Rehefa tonga ny antso ho amin'ny vavaka fanompoana, amin'ny andro zoma, dia mihazakazaha ho any amin'ny antson'Andriamanitra ianareo, ka avelao avokoa ny fandraharahana rehetra. Fa tsara ho anareo izany raha fantatrareo!**»

62.10 - «**Ary rehefa tontosa ny vavaka fanompoana, dia miparitaha ianareo manerana ny tany, ka tadiavo ny fahasoavan'Andriamanitra, ary tsarovy matetika Andriamanitra mba hahitanareo fahombiazana.**»

**Voambolana:**

**Fas a'ou:** mandehana haingana ianareo

**Qoudiati-s-swalat:** vita ny vavaka fanompoana

**Tharou:** avelanareo

**Ibtaghrou:** mikaroha ianareo



# **Ny andininy roa fahasivy sy fahafolo**

## **Ny vavaka zoma**

Ny vavaka zoma dia iray amin'ireo fanompoana manan-danja tsy maintsy atao ao amin'ny finoana Islamo, napetrak'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha taorian'ny nahatongavan'ny Mpaminany Mohammad (saw) teo amin'ny tanàna kelin'i Qoubâ; akaiky an'i Al Madina Al Mounawwara, ka namory ireo mpino silamo efatr'andro taorian'ny nahatongavany, tamin'izany tanàna kely izany, ary nitory teny tamin'izy ireo toriteny roa fatao amin'ny andro zoma, avy eo nampivavaka azy ireo ny vavaka zoma, ka izany no vavaka zoma voalohany teo amin'ny Islamo.

Ary ny vavaka zoma dia manana ireo tanjony ara-panompoana, sy ara-piaraha-monina, ary ara-politika sy ara-panabeazana. Dia ny fihaonambe isa-kerinandro izay hatrehan'ny mpino silamo, mba hihainoany izay atolotra amin'ny toritenin'ny zoma, amin'ireo fananarana sy fitsipi-dalàna, tahaka ny fanatanterahana fihaonana, fifankafantarana ary fifanampiana.

Noho izany dia mampirisika antsika ny Kor'any masina amin'ny fanatrehantsika izany vavaka izany, ary hamelantsika izay rehetra manahirana antsika na manakana antsika amin'ny fanatanterahana izany.

## **Ny fanaovana vavaka zoma**

Misy raka'a roa ny vavaka zoma; toy ny vavaka maraina (swalatou-s-soubh) ialohavana toriteny roa, izay elanelanin'ny mpitarika (Imamo) fitsaharana fohy ireo toriteny roa ireo, ka miaraka amin'ireo toriteny roa io vavaka io, solon'ny vavaka antoandro (swalatou-z-zouhr).

Ary ny vavaka zoma dia tsy maintsy atao azo isafidianana (ao anatin'ny fotoana mampanjavona ny Imamo Al Mahdi –a.s-) izany dia midika fa ny mpivavaka dia afaka misafidy amin'ny andro zoma na hivavaka antoandro na hanao vavaka zoma, raha feno ireo fepe-

tra tsy maintsy takiana amin'izany, sy araka izay nolazain'ireo manam-pahaizana ara-pinoana amin'ny antsipirihany ao amin'ny bokiny.

### **Ny fahamasinan'ny vavaka zoma**

Ary Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia nandrara ny fivarotana sy ny fividianana mandritra ny fanatanterahana ny vavaka zoma, raha toa ny fivarotana sy ny fividianana miaraka amin'ny vavaka zoma. Fa raha vita kosa ny vavaka zoma, ary nahavita izany ny mpivavaka, dia azon'izy ireo atao ny miparitaka manatanteraka ny asan'izy ireo ara-pinoana sy ara-piainana amin'ny famarotana sy ny fividianana, ary famangiana ireo havana sy fitsidihana ireo marary, ary ny fiezahana amin'ny fanatanterahana ireo filàn'ny mpino silamo, sy ny fiatrehana ny fihaonana ara-pinoana ary ny ankoatra izany.

Ary adidin'ny mpino silamo ny manome lanja ny fotoanan'ny andro zoma, mba tsy hahatezitra an'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha, satria izany dia fotoana sarobidy tokoa, ary adidiny ihany koa ny miezaka amin'ny fahatsiarovana an'Andriamanitra amin'ny fony, sy ny lelany amin'ny famakiana ny Kor'any masina, sy ireo tonom-bavaka masina, ary ireo bokim-pinoana, sy fanatrehana ny fihaonana amin'ireo manam-pahaizana sy mpananatra. Ny vavaka zoma ao anatin'ireo filazana masina:

- Avy amin'ny Mpaminany be voninahitra (saw): “ny vavaka zoma dia



fivahinianana masina ho an'ireo mahantra”

- Avy amin'ny Mpaminany (saw): “izay tonga amin'ny vavaka zoma ampinoana sy fitadiavana valisoa, dia ho voavela ny helony teo aloha”.

- Avy amin'ny Mpaminany (saw): “izay mamela ny vavaka zoma in-telo an-tsirambina dia hidin'Andriamanitra ny fony”

- Avy amin'ny Imamo Ja'afar as Sâdiq (a.s): “raha mitory teny ny Imamo amin'ny andro zoma, dia tsy tokony hiteny ny tsirairay, mandra-pahavitant'ny Imamo ny toriteniny”.

- Avy amin'ny Imamo Ja'afar as Sâdiq (a.s): “nofidian'Andriamanitra amin'ny andro sisa rehetra ny andro zoma, fa ny paradisa dia natsaraina sy nampihaingoana ny andro zoma ho an'izay tonga ao aminy, ary tena marina ianareo dia hifaninana ho any amin'ny paradisa araka ny fetran'ny fahatongavanareo aloha amin'ny zoma, ary ny varavaran'ny lanitra dia misokatra hiakaran'ny asan'ireo mpanompo”.

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Ny vavaka zoma dia anisan'ny fanompoana lehibe.

2- Ny vavaka zoma dia manana tanjona ara-pinoana sy ara-piaraha-monina ary ny ara-politika sy fanabeazana.

3- Ny mpino silamo dia manome lanja ny vavaka zoma, sy ny toriteny roa ao anatin'ny, fa tsy manahirana ny tenany amin-javatra hafa mandritra ny fanatanterahana izany.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Hazavao amin'ny teninao manokana ny hevitra ny andininy fahasivy ao anatin'ny an-dalana roa.

2- Moa ve tsy azo atao ny fivarotana sy ny fividianana mandritra ny fanatanterahana ny vavaka zoma? Fa rahoviana izany?

## Sourat al jomou'a (5)

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be Fiantrana, Ilay be Indrafo.*

62.11 - «**Rehefa mahatazana varotra na fialamboly izy ireo, dia miparitaka mankany, ka mamela anao hitsangana irery. Lazao hoe: “Tsara nohony fialambolysy ny varotra izay any amin'Andriamanitra, fa Mpanome mendrika indrindra ny anjarampivelomana Andriamanitra.»**

**Voambolana** :

**Infaddhou** : misaraka sy miparitaka izy ireo

## Ny andininy faha iraikambinifolo

### Ny fihetsika ratsy

Indray zoma ny Irak'Andriamanitra (saw) dia nitsangana nitoriteny, ary ireo mpino silamo teo anoloany, nangina nihaino ny toriteniny, ka tamin'izany indrindra izy ireo dia naheno feo-na amponga, teny andalan'i Al Madina sy ny tabatabany. Ary nahafantatra ireo nanatrika fa fitaterana avy any Châm (Syrie) izany, tonga nitatitra entam-barotra izay ilain'ny olon'i Al Madina. Dia nitsangana ny ankamaroan'ireo mpanara-dia ary nandao haingana nizotra teny amin'ilay fitaterana, mba tsy ho diso anjara amin'izay zavatra avy any izy ireo, ka namela ny Iraka (saw) niaraka tamin'ireo olona vitsivitsy tamin'ireo mpanara-dia.

Ka izany fihetsik'izy ireo izany dia nanelingelina ny Irak'Andriamanitra (saw) tokoa, satria izy dia niantso azy ireo ho amin'ny fiainana any an-koatra, nefa nisafidy ny fiainana an-tany sy ny rendra-

rendrany izy ireo, dia niteny ny Mpaminany (saw): “raha tsy noho izy ireo dia napetrako teo ambonin’izy ireo ny vato avy any an-danitra”. Izany hoe raha tsy ireo izay tsy nandao ny toeram-pivavahana (masjid) dia nampidiniko tamin’ireo nivoaka ny vato avy any an-danitra.

Ka dia nampidina io andininy ao amin’ny sourat al jomou’a io Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha, manazava ny fihetsika ratsin’ny mpino silamo, ary ny valisoa azon’izay nipetraka sy nihaino ny toriteny ary ny anatra dia tsara lavitra sy manan-danja mihoatra amin’ireo entam-barotra izay tonga nentin’ny fitaterana, ka ny valisoan’ Andriamanitra dia mitoetra, tsy mba tapaka; fa ny ao amin’ny lalao sy ny varotra kosa dia mandalo, ary mety anton’ny fahatezeran’Andriamanitra Ilay avo indrindra.

### Ny toerana misy antsika

Ary isika teo amin’ny fiainantsika angamba nandalo mitovy amin’izany toe-javatra izany, nifanandrify niaraka tamin’ny fanatanterahana ny vavaka tamin’ny fotoanany voalohany ny fotoanan’ny lalao, na nisafidy isika ny hamela ny torimaso sy ny fandriana mafana, na ny fifohazana ho any amin’ny vavaka iraisana any amin’ny moske amin’ny andro zoma, na misalasalala nohon’ny fijerena ny fandaharam-potoana amin’ny vatafahitalavitra, na ny fiatrehana ny lesona ara-pinoana, ka eo anatrehan’izany dia tokony isika manapa-kevitra; miaraka amin’iza amin’ireo vondrona roa ireo no tiansika...miaraka amin’ireo



izay namela ny Irak’Andriamanitra (saw) ve, sa miaraka amin’ireo vondrona vitsy izay nijanona niaraka tamin’ny Mpaminany (saw); ka nahazo ny fankasitranan’Andriamanitra, sy ny valisoany? «Lazao hoe: Tsara noho ny fialamboly sy ny varotra izay any amin’Andriamanitra, fa Mpanome mendrika indrindra ny anjarampivelomana Andriamanitra ».

## **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

- 1- Ny ankamaron'ireo mpanara-dia dia nisafidy ny varotra sy ny fialamboly, manoloana ny vavaka zoma.
- 2- Ny valisoan'Andriamanitra dia tsara lavitra noho izay misy amin'ny fiainana an-tany amin'ireo harena sy fialamboly ary ny varotra.
- 3- Ny mpino dia mandala ny fanompoany, ary mametraka izany aloha mihoatra ny zavatra hafa rehetra.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

- 1- Nahoana no voahelingelina ny Mpaminany (saw)?
- 2- Niteny Andriamanitra Ilay avo indrindra: “Lazao hoe: Tsara noho ny fialamboly sy ny varotra izay any amin'Andriamanitra”, inona no tiana hambara amin'ny hoe: “izay any amin'Andriamanitra”?
- 3- Mitanisà zava-nitranga efa nandalovanao, ka nametrahanao aloha ny fanompoana mihoatra amin'ny lalao, ary soraty izany.

Fantaronareo ry mpanaraka ny fianakavian'i Mohammad, fa tsy misy rohim-pihavanana manelanelana antsika sy Andriamanitra, ary tsy manana porofo isika amin'Andriamanitra, na hanatonana an'Andriamanitra, afa-tsy ny fankatoavana, ka izay mpankato dia mahaso azy ny fahefam-pitondranay, fa izay mpanohitra kosa dia tsy mahaso ny fahefam-pitondranay”

**Ny Imamo Mohammad Al Bâqir (a.s)**

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo*

## Ny foto-pinoana

*Fizarana faharoa*

### Ny foto-pinoana

#### Ny fitarihana ara-pinoana (Imâmat) ao amin'ny Islamo (1)

Nipetraka teo akaiky ny Reniny i Bâqir, sady mamaky ny gazety bokiny tena tiany indrindra: ary ny fitarihana ara-pinoana (al amâmat) dia anisan'ny foto-pinoana...

**Ny Reny:** Ny tena marina ry Bâqir dia Al Imâmat fa tsy Al amâmat.  
Bâqir: fa inona moa ny al Imâmat ry Neny ?

**Ny Reny :** moa fantatrao ry zanako; iza no nisafidy an'i Adama (a.s) ho mpandimby an'Andriamanitra ety an-tany?

**Bâqir:** eny ry Neny, Andriamanitra no nifidy azy raha niteny izy hoe:  
«**Hametraka olona mpandimby raharaha (khalifa) eny ambonin'ny tany tokoa Aho**» (al baqara 2.30)

**Ny Reny:** ary moa fantatrao iza no nisafidy ireo mpaminany (a.s) teo amin'ireo olona?

**Bâqir:** mazava loatra! Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha, Izy no nisafidy azy ireo.

**Ny Reny:** marina izany, efa niteny Andriamanitra Ilay avo



indrindra: «**Hamafisina, fa Andriamanitra no nisafidy an'i Adama, sy i Noà, ary ireo taranak'i Abrahama sy ny taranak'i Imran teo amin'izao tontolo izao**» (Al Imrân 3.33).

**Bâqir:** efa novakiako io andininy io, tao amin'ny sourat Al Imrân.

**Ny Reny:** ary ianao mahafantatra fa Andriamanitra Ilay avo indrindra, Izy no nisafidy azy ireo, satria ny andraikitr'izy ireo dia saropady, izy ireo no manao ny fiantsoana ho amin'ny maha tokana an'Andriamanitra sy ny fanompoana an'Andriamanitra, ary ny fankatoavana Azy sy ny asa soa ary ny fanadiovana ny fanahy?

**Bâqir:** ary izy ireo no mitarika ny olona ho amin'ny fahazoana ny fankasitrahana Andriamanitra.

**Ny Reny:** misaotra anaka...ary raha ny olombelona no nisafidy ireo Mpaminany, dia nanao diso matetika hatrany izy ireo.

**Bâqir:** fa nahoana izy ireo no manao diso?

**Ny Reny:** voalohany, satria ny olombelona dia tsy mahafantatra misimisy kokoa ny amin'izany toe-javatra izany. Ary faharoa, satria ny sasany dia manaraka ny sitrapony manokana, fa tsy mitsinjo ny tombontsoan'ny daholobe.

**Bâqir:** noho izany, satria Andriamanitra, Izy no mahafantatra tanteraka ny mahasoana ny zanak'olombelona, ka Izy ihany no nisafidy ireo Mpaminany.

**Ny Reny:** marina tokoa izany sombiniaiko.

**Bâqir:** nefa inona no ifandraisan'izany amin'ny al Imâmat?

**Ny Reny:** ny fitarihana ara-pinoana (Al Imâmat) dia andraikitra tsy mai-van-danja mihoatra amin'ny faminiana.



**Bâqir:** ahoana izany ry Neny?

**Ny Reny:** efa fantatrao fa ny andraikitr'ireo Mpaminany (a.s) dia ny fi-tarihana ny olombelona ho amin'ny foto-pinoana marina, sy ny asa izay hankasitrahan'Andriamanitra, ary ho amin'ny toetra mendrika, ary iza-ny tokoa no andraikitr'ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo) (a.s), ary ny mahasamihafa azy ireo, ny Mpaminany dia nahazo faminaniana, fa ny Imamo kosa tsia, ka ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo) (a.s), izy ireo no miaro ny Kor'any masina amin'ny fanovana, sy ny fahaverezana, ary manazava amin'ny olona ny heviny marina, ary izy ireo no mampielay ny fomba amam-panaon'ny Irak'Andriamanitra (saw), ary manazava amin'ny olona ny azo atao (halâl) sy ny voarara (harâm) tahaka izay nametrahan'Andriamanitra be voninahitra azy, mampirisika amin'ny tsara izy ireo, ary mandrara amin'ny ratsy, niezaka tamin'ny lâlân'Andriamanitra, ho fiarovana ny finoana, ary hitoeran'ireo mpino silamo hatrany.

**Bâqir:** moa ve tsy andraikity ny Imamo ny mitsara tahaka ny nitsaran'ny Mpaminanintsika Mohammad (saw)?

**Ny Reny:** andraikiny tokoa izany ry zanako, saingy raha vitany.

**Bâqir:** ahoana izany?

**Ny Reny:** moa ve ireo Mpaminany rehetra (a.s) afaka nitsara avokoa?

**Bâqir:** tsia, fa ny sasany tahaka ny Mpaminany Daoud sy ny Mpaminany Souleimân, ary ny Mpaminanintsika Mohammad (a.s) dia afaka nitsara.

**Ny Reny:** ary nahoana no tsy afaka nitsara ireo Mpaminany sisa?

**Bâqir :** satria ny olona dia nanakana azy ireo, na ny zava-misy no tsy namela azy ireo nanao izany.

**Ny Reny :** dia torak'izany koa ireo mpitarika antsika (a.s); afaka nitondra ny sasany tamin'izy ireo tahaka an'ny Imamo Ali (a.s) rehefa namela azy amin'izany ny zava-misy, saingy tsy afaka nitondra ny ankamaroan'izy

ireo satria nandao azy ireo ny olona.

**Bâqir** : nahoana no tsy ambaranao ahy ny anaran'izy ireo ry Neny?

**Ny Reny**: jereo miaraka amiko iry lisitra misy ny anaran'izy ireo iry hafantaranao azy ireo rehetra.

reo mpitarika (Imamo) roambinifolo:

- 1- Ny Imamo Ali Al Mourtadhâ (a.s)
- 2- Ny Imamo Al Hassan Al Moujtabâ
- 3- Ny Imamo Al Houssein As shahîd (a.s)
- 4- Ny Imamo Ali zainou-l-Abidine (a.s)
- 5- Ny Imamo Mohammad Al Bâqir (a.s)
- 6- Ny Imamo Ja'afar As Sâdiq (a.s)
- 7- Ny Imamo Moussa Al Kâzimo (a.s)
- 8- Ny Imamo Ali Ar Reza (a.s)
- 9- Ny Imamo Mohammad Al Jawwâd (a.s)
- 10- Ny Imamo Ali Al Hâdi (a.s)
- 11- Ny Imamo Al Hassan Al Askari (a.s)
- 12- Ny Imamo Al Mahdi Al Mountazar (hanafaingana ny famoahana azy anie Allah Ilay avo indrindra)

Dia nijery teny amin'ny lisitra i Bâqir; ary nampanantena ny Reniny izy fa hitadidy ireo anarana rehetra ireo, fa ny Reniny kosa dia nampantena azy fa hanambara aminy tsy ho ela ny fanampiny momba ireo Imamo roambinifolo (a.s).

**Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

- 1-Nyfitarihana ara-pinoana (al Imâmat) dia singa amin'ny foto-pinoantsika.
- 2- Andriamanitra dia nisafidy ireo Mpaminany ho amin'ny toeram-boninahitry ny faminiana.
- 3- Ny olona dia tsy mahavita misafidy izay mendrika ny hahazo ny toe-

ram-boninahitra eo anatrehan' Andriamanitra.

4- Ny fitarihana ara-pinoana (al Imâmat) dia toeram-boninahitra avy amin' Andriamanitra.

5- Andriamanitra no misafidy izay mendrika ny ho mpitarika (Imamo).

6- Andriamanitra no nisafidy ireo Imamontsika roambinifolo (a.s).

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Ny faminiana dia toeram-boninahitra.....; nataon' Andriamanitra ho an' izay.....Azy. Ary .....toeram-boninahitra avy amin' Andriamanitra, ataony.....ho an' izay mendrika izany.

2- Ny olombelona dia tsy mahavita misafidy mandrakariva satria izy.....; ary izy dia manaraka.....fa tsy mitsinjo ny tombontsoan'ny daholobe.

Tena marina ny fitarihana ara-pinoana (al Imâmat) dia fametrahana ny mpisolontenan' Andriamanitra sy mpisolontena ny Iraka, ary toeram-boninahitry ny mpitarika ny mpino, mpandova an' i Al Hassan sy Al Houssein. Ny fitarihana ara-pinoana dia vonan'ny finoana ary rindran-damin'ny mpino silamo, mahasoana ny fiainana an-tany ary fahambonian'ny mpino. (Ny Imamo Ali Ar Reza –a.s-)

### **Ny fitarihana ara-pinoana (Imâmat) araka ny finoana Islamo (2)**

Nahafantatra ampahany mikasika ny fitarihana ara-pinoana (Al Imâmat) i Bâqir; ary nampanantena azy ny Reniny fa hanazava mikasika izany misimisy kokoa..

**Bâqir:** efa nampanantena ahy ianao ry Neny ny hanambara ahy misimisy kokoa ny mikasika ny fitarihana ara-pinoana (al Imâmat).

**Ny Reny:** ary izaho dia efa hanatanteraka ny fampanantenako mihitsy ry

zanako.

**Bâqir:** ambarao ahy ny zava-drehetra.

**Ny Reny:** tsara.....tsara izany, nampielny ny Islamo nandritra ny 23 taona ny Irak'Andriamanitra (saw), ary nitarika ny olona ho amin'ny Islamo, sy nampianatra azy ireo ny Kor'any ary ny lalàm-pinoana.

**Bâqir:** ka lasa manam-pahaizana avokoa ireo mpanara-dia azy, nahatadidy ny Kor'any sy ny teniny (hadisy).

**Ny Reny:** tsia anaka...misy amin'izy ireo no feno tanteraka ny finoany, fa misy amin'izy ireo kosa no tsy ampy ny fahalalàny mikasika ireo fit-sipi-dalàna ara-pinoana faran'izay tsootra, ary tsy nahatadidy afa-tsy vitsy monja tamin'ny Kor'any masina.

**Bâqir:** ary ahoana izany?

**Ny Reny:** moa ve ao am-pianaranao tsy misy mpianatra telopolo manatrika ny lesona isan'andro?

**Bâqir:** eny!

**Ny Reny:** moa ve izy rehetra ireo samy mahazo ny laharana voalohany avokoa ao am-pianarana?

**Bâqir:** mazava loatra fa tsia, misy amin'izy ireo no tsy afaka.

**Ny Reny:** ary dia torak'izany koa, izay niaraka tamin'ny Irak'Andriamanitra (saw), nisy tamin'izy ireo no tonga tamin'ny ambaratonga ambony tokoa, ary nisy tamin'izy ireo no tsy nahazo afa-tsy vitsy monja.

**Bâqir:** fa mila fanampim-pampianarana sy fananarana izy ireo.

**Ny Reny:** izany tokoa.

**Bâqir:** ary ny ankamaroan'ireo mpino silamo dia mbola vaovao tamin'ny finoany, ka tsy mbola nandalo ela tamin'ny finoana Islamo akory tamin'ny fahafatesan'ny Mpaminany (saw) afa-tsy taona iray monja.

**Ny Reny:** marina izany...nahazo vahana tokoa izany tamin'ny fisian'ireo mpihatsaravelatsihy sy ny sasany tamin'ireo niverin-dalana tamin'ny finoana, ary ireo malemy finoana izay nitondra loza ho an'ny finoana tokoa.

**Bâqir:** ary ahoana ny amin'ireo jiosy sy ireo persiana ary ny romana?

**Ny Reny:** Izy ireo ihany koa dia nampihorohoro ny fisian'ny firenena islamika vaovao. Ka tsy eken'ny saina aorian'izany ny hamelan'Andriamanitra sy ny Mpaminany izany fisiana vaovao izany ho hazo mora eo am-pelatanan'ireo fahavalo.

**Bâqir:** ary inona no mety ataon'Andriamanitra sy ny Irany hanalavirana izany?

**Ny Reny:** efa nisafidy Andriamanitra Ilay avo indrindra teo amin'ireo mpino silamo izay mendrika ny hitsangana hiaro ny finoana Islamo sy ny firenena Islamika.

**Bâqir:** ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo) tsy voapentin'ny ota (a.s) ve no tianao hambara?

**Ny Reny:** eny, ry zanako marani-tsaina.

**Bâqir:** ary inona no tena ataon'ireo mpitarika ara-pinoana (a.s)?

**Ny Reny:** ny mpitarika ara-pinoana, voalohany indrindra, dia mitarika ny olona ho any amin'ny Islamo.



**Bâqir:** tahaka izay nataon'ny Irak'Andriamanitra (saw).

**Ny Reny:** avy eo, mampianatra azy ireo ny Kor'any sy ny lalàm-pinoana, tahaka ny fitsanganany miaro ny Kor'any sy ny fampianaran'Ilay Iraka amin'ny fanovana sy fanalana.

**Bâqir:** ary moa ve mety hanao izany ny iray amin'ny olona?

**Ny Reny:** mazava loatra, efa nitsangana ny sasany tamin'ny fanovana ny hevitra ny Kor'any, sy nanova ihany koa ireo tenin'ny Mpaminany (saw).

**Bâqir:** ary inona no taorian'izany?

**Ny Reny:** efa tonga ny fotoanan'ny torimasonao ry Bâqir...hambarako anao tsy ho ela ny ambiny raha sitrak'Andriamanitra...ary ankehitriny ho tra-maraina tsara ianao!

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Ny olona taorian'ny Irak'Andriamanitra dia nila izay hitarika azy ireo ho any amin'ny Islamo, sy hampianatra azy ireo ny lalàn'Andriamanitra.

2- Nananontanona ny Islamo sy ny mpino silamo ny loza, ka tsy maintsy mila olona hitsangana hiaro ny fisian'ny finoana Islamo.

3- Anisan'ny anjara asan'ny Imamo tsy voampentin'ny ota (a.s) ny fitarihana ny olona, sy ny fampianarana azy ireo, ary ny fiarovana ny Kor'any.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Moa ve ny mpanara-dia rehetra anatin'ny ambaratonga iray avokoa, eo amin'ny finoana sy ny fahalalana?

2- Ny Imamo dia toy ny Mpaminany.....ho amin'ny Islamo, ary mampianatra azy ireo.....masina, ary manazava amin'izy ireo ny fitsipi-dalàna.....

### Ny fitarihana ara-pinoana (Imâmat) ao amin'ny Islamo (3)

**Ny Reny:** tsy nanontany ahy intsony ianao androany ry Bâqir?

**Bâqir:** hitako fa sahirana amin'ny raharaha ato an-trano ianao, ka mata-hotra aho ny hanelingelina anao amin'ny fanontaniako.

**Ny Reny:** inty aho, efa vitako ny asako...ary ankehitriny lazao amiko tonga taiza isika omaly?

**Bâqir:** tiako ny hanambaranao amiko ny amin'ny anjara asa sisan'ny Imamo tsy voapentin'ny ota.

**Ny Reny:** ah...eny, anisan'ny anjara asany ihany koa ny fitantanana ny firenena Islamika, aorian'ny Irak'Andriamanitra (saw).

**Bâqir:** nefa tsy nitranga izany.

**Ny Reny:** eny, satria nanohitra ny baikon'Andriamanitra sy ny Irany ny mpino silamo.

**Bâqir:** ary ny amin'inona no nibaikon'Andriamanitra sy ny Irany azy ireo?

Ny Reny : efa nanambara azy ireo im-betsaka ny Mpaminany fa Andriamanitra dia efa nisafidy ho azy ireo an'i Ali Ibn Abi Tâlib ho mpitarika (Imamo) sy mpandimby ary sakaiza mahatoky, ka adidin'izy ireo ny mankato azy.

**Bâqir:** moa tsy hambaranao amiko ny sasany amin'izany?

**Ny Reny:** tsara izany, efa ni-



teny ny Irak'Andriamanitra (saw) tamin'ireo fianakaviany akaiky: “tena marina ity dia rahalahiko sy solontenako ary mpandimby ahy eo aminareo, ka henoinareo izy ary ankatoavy”

**Bâqir:** ary inona ihany koa?

**Ny Reny:** niteny ny Mpaminany (saw): “tena marina ny solontenako sy ny toeran'ny tsiambarateloko, ary ny tsara indrindra izay apetrako aoriko sy hanatanteraka ny fanomanako, ary hamita ny finoako dia i Ali Ibn Abi Tâlib”.

Ary efa nidina ny andininy “al wilâyat” (fahefam-pitondrana) amin'ny zon'i Ali Ibn Abi Tâlib (a.s), rehefa niteny Andriamanitra Ilay avo indrindra: «**Eny, tsy misy sakaiza mpiahy anareo afa-tsy Andriamanitra, sy ilay Irany, ary ireo izay mino, manatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat), manome ny harena fiantrana (zakat) eo am-pihondrehana**» (al ma-ida 5.55).

**Bâqir:** ary izaho dia mahatsiaro zavatra toy izany, efa niteny ny Mpaminany (saw): “izay mandray ahy ho lehibeny, dia indro Ali lehibeny, Tompo ô, raiso ho namana izay mandray azy ho namana, ary raiso ho fahavalo izay mandray azy ho fahavalo, avoty izay manavotra azy, ary ilaozy izay mandao azy”.

**Ny Reny:** misaotra anao ry Bâqir. Tamin'ny andron'ny Al Ghadîr izany zavatra izany, ny faha 18-n'ny volana zoul hijja taona faha 10-n'ny fifindra-monina (hidjra).

**Bâqir:** izany hoe, talohan'ny nahafatesan'ny Irak'Andriamanitra volana vitsivitsy.

**Ny Reny:** ary efa niteny izany ny Mpaminany (saw) tamin'ny mpino silamo mihoatra ny 100 000, taorian'ny fivahinianana masina fanaovambeloma (hajjatou-l-wadâ'a)

**Bâqir:** ary tsy maintsy manana ny hanampiana ianao amin'izany vaovao



izany.

**Ny Reny:** eny ry zanako, ary raiso ity boky ity fa ao no ilainao.

**Bâqir:** ary inona no niseho ho an'ireo mpino silamo noho izany fanoheran'izy ireo izany?

**Ny Reny:** matiantoka tamina zavatra tsara maro izy ireo.

**Bâqir:** ary ahoana ny amin'izany ry Neny?

**Ny Reny:** efa niteny ny Irak'Andriamanitra (saw): “izay faly ny iaina amin'ny fiainako sy maty amin'ny fahafatesako, ary honina ao amin'ny paradisan'ny Edena izay naorin'ny Tompoko, dia aoka izy hitia an'i Ali aoriako, sy hitia ihany koa izay olona tiany, ary hanaraka ireo fianakaviako aoriako, fa izy ireo dia fianakaviako nohariana tamin'ny taniko, ary nahazo ny fahazoako sy ny fahalalako, ka loza ho an'ireo mpandainga amin'ny fahasoavan'izy ireo amin'ny vahoakako, ireo mpanapaka ny fifandraisako tamin'izy ireo, tsy hanome azy ireo ny fanelanelanako anie Andriamanitra”.

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Anisan'ny andraikitra ny mpitarika ara-pinoana (Imamo) tsy voapentin'ny ota, ny fitantanana ny firenena Islamika.

2- Nandidy ny mpino silamo Andriamanitra sy ny Irany amin'ny fankatoavana ireo mpitarika ara-pinoana tsy voapentin'ny ota, ary ny fandraisana azy ireo ho mpitantana azy.

3- Nanohitra ireo baikon'Andriamanitra sy ny Irany ny mpino silamo, ka matiantoka zava-tsoa maro.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

Mikaroha andininy iray na tatitra mikasika ny fanendrena an'ny Imamo Ali (a.s) na ireo fianakavian'ny Mpaminany (saw) ho mpitarika

ara-pinoana ho an'ny mpino silamo, ary soraty izany.

## Ny toetran'ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo) (a.s)

### Inona ireo toetran'ny mpitarika ara-pinoana (Immo) voafidy avy amin'Andriamanitra?

1- Ny Imamo dia tsy maintsy tahaka ny Mpaminany tsy voapentin'ny ota sy ny fahadisoana, ary ny fanadinoana, sy ny zavadratsy rehetra. Satria raha tsy voapentin'ny ota ny Imamo dia tsy hahatoky azy ny olona, noho izany dia mety handiso amin'ny fampianarany azy ireo ny finoana; na mety hanao fahadisoana an-tsitrapo. Tahaka ny tsy hitandremany na oviana na oviana ny lalàm-pinoana sy tsy hiarovany izany amin'ny fanovana sy ny fanalana, satria ny tenany aza manao fahotana fanahiniana na habadoana, na fanadinoana.

Ary anisan'ny maneho ny tsy maha voapentin'ny ota ireo mpitarika ara-pinoana (a.s) ny “hadisy as saqalaine” (ireo zavatra roa manan-danja), izany dia tenin'ny Irak'Andriamanitra (saw): “tena marina aho namela zavatra taminareo, raha fikirinareo tsara izany dia tsy ho very na oviana na oviana ianareo aoriako, ny iray amin'izy roa ireo dia lehibe noho ny iray hafa: ny Bokin'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsi-toha, tady mampitohy ny lanitra sy ny tany, ary ny fianakaviako. Ary tsy hisaraka mihitsy izy roa ireo mandra-pisehoany amiko amin'ny loharano, koa jereo ahoana no handimbiasanareo ahy eo amin'izy ireo”. Ka amin'ny maha tsy voapentin'ny ota ny Kor'any masina, dia tsy voapetin'ny ota ihany koa ireo mpitarika ara-pinoana izay fianakavian'ny Mpaminany; ary tsy hisaraka mihitsy izy ireo hatramin'ny andro fitsanganana.

2- Ny mpitarika ara-pinoana (Imamo) tsy voapentin'ny ota



dia tsy maintsy mendrika indrindra amin'ny olona amin'ny vanim-potoanany eo amin'ny fahalalana sy ny fanompoana, ny fahavitriana, ny tsy fifikirana amin'ny fiainana an-tany, ny fahalalahan-tànana, ary raha misy any ho any mendrika noho izy, dia izany olona izany no mendrika amin'ny fitarihana ara-pinoana (al Imâmat).

a- **Ny fahalalana:** Ali Ibn Abi Tâlib (a.s) no vavahadin'ny fahalalan'ny Irak'Andriamanitra, nahay indrindra tamin'ny olona tamin'ny vanim-potoanany tsy misy adi-hevitra, eny fa dia niteny ny amin'izany ny Irak'Andriamanitra (saw): “Izaho no tanànan'ny fahalalana, ary Ali no varavarany, ka izay mila fahalalana dia tongava eo amin'ny varavarana”.

Ary niteny ny Irak'Andriamanitra (saw) ny amin'ny momba ny fianakaviany: “ary aza mampianatra azy ireo ianareo fa izy ireo dia mahay lavitra noho ianareo”

Ary niteny ny Imamo Ali (a.s): “nampianatra ahy ny Irak'Andriamanitra (saw), sokajim-pahalalana arivo, ka isaky ny sokajim-pahalalàna iray dia mbola nozarazarainy ho sokajy arivo”.

b- **Ny fanompoana:** ny Imamo tsy voapentin'ny ota no tena mpanompo indrindra tamin'ny vanim-potoana nisy azy, ka ny Mpitarika ny mpino Ali Ibn Abi Tâlib (a.s) dia nitsangana ny alina nivavaka, nitalaho sy namaky ny Kor'any, ary nahatsiaro an'Andriamanitra matetika sy nanao fifehezana nandritra ny andro. Ary ireo zafikeliny, ny Imamo Ali Ibn Al Houssein, izay nantsoina hoe: “Zainou-l-Abidine, sy lehiben'ny mpiankoko” satria izy no tena mpanompo indrindra tamin'ny vanim-potoanany.

d- **Ny fahavitriana sy ny hafanam-po:** tsy misy isalasalàna ny itenana fa Ali Ibn Abi Tâlib (a.s) dia nahery fo tokoa sy navitrika, tamin'ny vanim-potoanany, niankina taminy tanteraka ireo mpino silamo, tamin'ny adin'izy ireo niaraka tamin'ireo mpanompo sampy, sy ireo jiosy, ary tamin'ny alalan'ny sabatrany dia nandresy ny Islamo.Ny Irak'Andriamanitra dia efa niteny: “nandresy ny Islamo noho ny sabatr'i Ali sy ny harenan'i Khadija”.

e- **Ny tsy fifikirana amin'ny fiainana an-tany:** ny tsy fifikiran'ireo mpitarika ara-pinoana tsy voapentin'ny ota ny fiainana an-tany dia maro ny ohatra maneho izany, ny Imamo Ali (a.s) ohatra na dia mpitondra ny mpino silamo aza izy, ary teo am-pelatanany ny harenan'ny firenena Islamika, dia tsy mba nanangona tamin'ny harenan'ny tany, fa nizara sy nanome izay azony tamin'ny asany, ho amin'ny lalan'Andriamanitra ary efa niteny izy indray andro: “efa nanjaitra ity akanjoko ity aho, eny fa menatra mihitsy aho tamin'ny fanjairana azy” .

Tahaka izany koa ny nanjairany ny kapany tamin'ny tånany roa feno voninahitra, ary rehefa te-hisakafo izy dia tsy mametraka eo amin'ny fihinanany afa-tsy karazany tokana monja amin'ny sakafo, ary mety ho vovo-tsira na ronono.



f- **Ny fahalalahan-tånana:** ny fianakavian'ny Mpaminany (a.s) dia olon'ny fahatsaranasy fahalalahan-tånana, ary Andriamanitra Ilay avo indrindra dia efa niteny: «**Tanterahin'izy ireo ny voadiny, ary atahorany ny andro hiparitahan'ny ratsy. Manome sakafo ho an'ny mahantra izy ireo, ny kam-boty, sy ny voababo, na dia eo aza ny fitiavany izany**» (Al Insân 76. 8-9).

Tahaka izao voalazan'Andriamanitra izao ny momba azy ireo: «**Ny hanala ny fahalotoana aminareo no tadiavin'Andriamanitra, ry fianakavian'ny Mpaminany, ary ny hanadio anareo tanteraka**» (Al Ahzâb 33.33).

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Ny Imamo dia tsy voapentin'ny ota, ny fahadisoana ary ny fanadi-noana sy ny faharatsiana rehetra.

2- Ny Imamo tsy voapentin'ny ota no mendrika indrindra amin'ny olona tamin'ny vanim-potoanany, ara-pahalalana sy fanompoana, hafanam-po sy tsy fifikirana amin'ny fiainana an-tany ary ny fahalalahan-tànana.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Hadisy as saqalaine dia maneho ny.....fianakavian'ny Mpa minany (a.s).

2- Ireo mpitarika ara-pinoana (a.s) no fatra mpanompo an'Andriamanitra indrindra tamin'ny olona tamin'ny vanim-potoanany, ka niantsoana an'ny Imamo.....hoe.....

3- Mikaroha andininy iray na tatitra manodidina ny voninahitr'ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo) (a.s) ary soraty izany.

## **Ny fanelanelanana (ac chafâa')**

### **Inona no hevitra ny fanelanelanana (ac chafâa')?**

Amin'ny andro fitsanganana dia havorin'Andriamanitra ny olombelona rehetra, mba hampisehoany ny asan'izy ireo, sy hitsarany azy ireo, avy eo hampidiriny any amin'ny paradisa ireo mpino izay nanao asa soa, ary hampidiriny any amin'ny afobe kosa ireo tsy mpino sy mpanao ratsy.

Nefa ny famindram-pon'Andriamanitra dia lehibe tokoa, na dia amin'ny andro fitsarana aza, satria nomen'Andriamanitra Ilay avo indrindra ho an'ireo sasany ny zo hanelanelana eo Aminy sy ireo mpanota, mba tsy handraisany ny fahadisoan'izy ireo na hamelany azy ireo amin'ny fahotany na hampiakarany ny toeran'izy ireo na hampidirany azy ireo amin'ny paradisa, ary izany no antsoina hoe “fanelanelanana” (ac chafâa')

## Iza ireo mpanelanelana?

Ireo mpanelanelana amin'ny andro fitsanganana dia ny lehibentsika Mohammad (saw) sy ireo fianakaviany tsy voapentin'ny ota (a.s), ary ireo Mpaminany hafa sy ireo maritiora, ireo manam-pahaizana arapinoana, ireo olo-mendrika, ny Anjely, homen'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha ny olona hafa ihany koa ny zon'ny fanelanelanana ho an'ny fianakaviany.

Niteny Andriamanitra Ilay avo indrindra: **«Amin'io andro io, dia tsy hisy hahazo tombontsoa amin'ny fanelanelanana, afa-tsy izay nomen'Ilay be Fiantrana alalana, ka nankasitrahany teny»** (Ta.ha 20.109)

## Iza ireo hahazo ny fanelanelanana?

Ny fanelanelanana dia tsy ho an'ireo tsy mpino, satria Andriamanitra Ilay avo indrindra dia efa nilaza ny amin'ny tenin'ireo tsy mpino: **«ary nolazainay ho lainga ny andro famaliana, hatramin'ny fahatongavan'ny tena fahamarinana taminay (fahafatesana), Tsy hahazoan'izy ireo tombontsoa intsony, ny fanelanelanana hataon'ireo mpanelanelana.»** (al mouddathir 74.46)

Fa natao ho an'ireo mpino an'Andriamanitra tokana, tamin'ireo izay nanao faharatsiana sy fahotana, ary ny Irak'Andriamanitra (saw) dia efa niteny: “ny fanelanelanako dia ho an'ireo nanao fahotana lehibe amin'ny vahoakako”.

## Fanairana sy fampitandremana

Mety hiteny ny sasany: rehefa nanome ny fanelanelanana ho an'ny mpino silamo mpanota Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha, dia azontsika atao ny manao ireo fahotana rehetra eto an-tany, ka tsy mivavaka isika, ary tsy mifehy, tsy manome ampaham-pananana; mandainga sy mangalatra, ary manao herisetra amin'ireo hafa, saingy mijanona ao anatin'ny Islamontsika ihany isika...ka rehefa amin'ny andro fitsanganana dia manelanelana ho antsika ny Irak'Andriamanitra (saw), ary mamela

ny fahotantsika Andriamanitra ka mampiditra antsika amin'ny paradisa.

Izany dia fomba fihevitra diso tanteraka, satria tsy ny mpino silamo rehetra no tafiditra sy mahazo izany fanelanelanana izany amin'ny andro fitsanganana, ka izay nanao an-tsirambina ny fivavahany, dia tsy hahazo ny fanelanelanana, ary ny Imamo Ja'afar As Sâdiq (a.s) dia efa niteny tamin'ny zanany lahy, ny Imamo Moussa Al Kâzimo (a.s): “ry zanako! tsy hahazo ny fanelanelananay izay nanao an-tsirambinany vavaka fanompoana (swalat)”.

Ary izay mandray fahavalo ny fianakavian'ny Mpaminany (a.s) dia tsy hahazo ny fanelanelanana. Nilaza ny Imamo Ja'afar As Sâdiq (as) hoe: “tena marina ny mpino dia manelanelana ny sakaizany raha tsy mpankahala ny ahlou-l-bayt izy, ary raha mpankahala ny ahlou-l-bayt izy ka manelanelana azy izy, dia tsy hanelanelana azy ireo Mpaminany rehetra sy ny Anjely akaiky an'Andriamanitra”

Fa ny sasany amin'ny mpino silamo mpanota dia tsy maty ao anatin'ny finoana Islamo, ary tsy vitan'izy ireo ny fanononana ny fijoroana vavolombelona roa (chahâdatâny) eo am-pahafatesana, ka hatsangana amin'ny andro fitsanganana miaraka amin'ireo olon'ny fahaverezana na ny fanompoan-tsampy.

Ary ny fanelanelanana dia mety ho afaka fotoana lava tokoa, aorian'ny famaizana sy ny fanasaziana, ao anatin'ny fasana, na anatin'ny afobe, noho ny anton'ny faharatsiana izay nataon'ny olombelona tamin'ny fahavelomany.

Tena marina, adidin'ny olombelona mpino ny miezaka araka izay vitany amin'ny asa izay hankasitrahana'Andriamanitra be voninahitra, ary manalavitra izay noraran'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha, sy tsy manamaivana izany, ka hitsiriritra ny fanelanelanana. Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra dia miteny: “tsy manelanelana izy ireo raha tsy amin'izay Ankasitrahany” (Al anbiya 21.28), izany hoe afa-tsy ho an'izay hankasitrahana'Andriamanitra ny finoany.

## **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Nosokafan'Andriamanitra ny varavaran'ny fanelanelanana ho famindram-po ho an'ireo mpanompony.

2- Ireo Mpaminany sy mpitarika ara-pinoana (Imamo) ary ny maritiora, sy ny olo-mendrika, ny manam-pahaizana ara-pinoana, ireo Anjely dia mpanelanelana amin'ny andro fitsanganana.

3- Ny fanelanelanana dia tsy ho an'ireo tsy mpino.

4- Tsy ny mpino silamo rehetra no mendrika ny hahazo fanelanelanana.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Manelanelana.....sy.....ho an'ny mpino silamo.....amin'ny andro fitsanganana, afa-tsy vondrona santsasany amin'izy ireo.....ny vavaka fanompoany na mpankahala fahavalon'ny ahlou-l-bayt (a.s).

2- Mikaroha andininy iray manodidina ny fanelanelanana, ary soraty izany.

Tomponay ô! Tahio i Ahmad, Ilay mendrika indrindra amin'ireo Iraka.  
Sy amin'Ilay tompon'ny loharano, Ilay mpitarika ny mpino  
Ary amin'ny Fatima Az Zahara, Ilay Renin'ny fahatsarana  
Sy amin'ireo zafikely roa ary As sajjâd Zainou-l-Abidine  
Ary amin'i Al Bâqir sy As Sâdiq am-pahalalana sy am-pahamarinana  
Sy amin'i Al Kâzimo Moussa ary Ar Reza am-boninahitra sy am-pinoana

Ary At Taqi, Ilay mpatahotra sy Ilay mpanolotra an-kahalalahana amin'ny ankavanana

Sy amin'i Al Hâdi izay mimosaka toy ny masoandro

Ary Ilay madio Al Askari Al Hassan manana toetra mahatoky

Sy amin'Ilay mampitsangana ny fahitsiana mamonjy sy manampy



Fianakavian'ny Ya Sîne mpitarika tsara sy madio  
Tomponay ô, lehibenay, tahio izy rehetra ireo.

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo*

## Ny fitondrantena

*Fizarana fahatelo*

### Ny fitondrantena

#### Ny fifosana (al ghîbat)

Nihaona tamin'ny namany “Mounzir” araka ny mahazatra azy i “Mâlik” tany am-pianarana. Efa zatra miresaka sy mivazivazy izy ireo mandra-pahatongan'ny fotoana hanenoan'ny fanairana milaza ny fanombohan'ny fianarana. Niteny i Mâlik:

**Mâlik:** moa ve fantatrao ry Mounzir izay nitranga tamin'ny namantsika “Maissam” omaly?

**Mounzir:** inona no zavatra nitranga taminy? Moa ve salama tsara izy?

**Mâlik:** eny..eny, salama izy, fa ny Reniny rehefa nahita ny bileta-ny dia nibedy azy mafy tokoa...ary henoko; Andriamanitra no tena mahalala, fa nito-many mafy tokoa izy...nampalahelo Maissam.



**Mounzir:** ary moa ve ambany tokoa ny naotiny?

**Mâlik:** tsy afaka tamin'ny taranja roa izy.

**Mounzir:** mampalahelo...tsy niaro azy tamin'izany angaha ny Rainy?

**Mâlik:** tsia, fa niteny taminy izy: “tsy omeko anao ny vola fitondranao isan'andro mandritra ny herinandro manontolo”.

**Mounzir:** herinandro manontolo?!

**Mâlik:** eny, ary mendrika izany izy.....satria kamo sy manao tsi-rambina.

**Mounzir:** misaotra an'Andriamanitra fa izaho tsy mba mitovy aminy.

**Mâlik:** fa izaho indray aloha dia efa nampanantena ahy ny Raiko amin'ny hahazoako fanomezana noho ny laharako ambony...

Ary tamin'izany indrindra, dia naneno ny fanairana, ka samy nizotra tany amin'ny kilasiny avy izy ireo...ary samy nahatsapa fahasambarana izy ireo satria tsy nandalo tamin'izy ireo ny zavatra nihatra tamin'i Maissam mampalahelo.

Ary ny ampitso vao maraina ny fotoana hihaonan'ireto mpinamana roa ireto, Mâlik sy Mounzir, tahaka ny mahazatra azy ireo...saingy nifanandrify tamin'ny zavatra mifamahofaho izany andro izany ...

**Mounzir:** inona no mahazo anao ry Mâlik? Moa ve ara-dalàna tsara ianao? Hitako malahelo ianao sy miasa saina?

**Mâlik:** tsy fantatro izay ho lazaiko...nahita nofy mampatahotra aho omaly, ka nanaitra ahy tamin'ny torimasoko, nangovitra sy natahotra aho, toy ny marina mihitsy ilay nofy...nofy izay nanambatra ahy sy Maissam.

**Mounzir:** Maissam?!

**Mâlik:** eny, Maissam...hitako tamin'izany nofiko izany, fa izaho dia mipetraka eo anilan'i Maissam, ary maty izy, ka nihinana tamin'ny nofon'ny vatany aho.

**Mounzir:** ry Andriamanitra ô! Avy eo inona?

**Mâlik:** tsisy n'inon'inona..fa ny zava-mahagaga amin'ny trangan-javatra dia izaho nihinana ny nofony ka faly tokoa aho tamin'izany.

**Mounzir:** moa ve handray ny anatro ianao?

**Mâlik:** omeo aty izay any aminao.

**Mounzir:** mahita aho ny tokony handehananao any amin'ny manampahaizana ara-pinoana, ary tsara raha ny Imamo-n'ny moske akaiky ny tranontsika.

**Mâlik:** handeha aho raha manaiky ianao hiaraka amiko.

**Mounzir:** tsara izany, amin'ny fivavahana al maghrib ny fotoanantsika anio hariva.

**Mâlik:** torak'izany ihany koa...Ary rehefa niantso ho amin'ny fivavahana hariva ny mpiantso (mouazzino); dia nipetraka niaraka tamin'ny mpivavaka rehetra ireto mpinamana roa Mâlik sy Mounzir miandry ny fanatanterahana ny fivavahana, ka rehefa vita ny swalat niaraka tamin'ny daholobe dia nandroso teny amin'ny Imamo i Mâlik sy Mounzir, ka nambara azy ny amin'ilay nofy...

**Mâlik:** izany no zavatra rehetra hitako tamin'ny nofiko, ary matahotra aho ry Sheikh hajaina.

**Cheikh:** raha manontany zavatra anao aho, moa ve hiteny ny marina amiko ianao anaka?

**Mâlik:** tsy maintsy.

**Sheikh:** moa ve nahatsiahy ny namanao Maissam tamin'ny zavatra ratsy ianao omaly?

Dia nijery ny namany Mounzir i Mâlik tamim-pahagagana, sy tamim-pahamenarana, avy eo namerina ny fijeriny tamin'ilay Imamo sady niteny:

**Mâlik:** tena marina...eny...

**Sheikh:** ary moa ve tamin'ny nahateo azy sa tsy nahateo azy?

**Mâlik:** eny, tamin'ny tsy nahateo azy, saingy...

**Sheikh:** saingy, inona?

**Mâlik:** saingy, izaho dia nampatsiahy fotsiny an'i Mounzir izay nataon'ny Ray aman-dReniny azy rehefa nahafantatra ny tsy fahafahany izy ireo, izany no zava-drehetra nisy.

**Mounzir:** ary izaho dia nihaino azy fotsiny.

**Sheikh:** izay no fifosana...efa nifosa ny namanao Maissam ianao, ary Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia miteny: “Ary aoka tsy hifampifosa ianareo samy ianareo. Misy tia hihinana ny nofon'ny rahalahiny maty va ianareo? Harikoriko amin'izany ianareo” (al houjourat 49.12). Mâlik: noho izany, efa nanao fahotana lehibe aho tamin'ny resako mikasika an'i Maissam.

**Sheikh:** eny, ny resaka mikasika an'i Maissam amin'ny fanaratsiana azy sy fankahalana azy; ary izany dia tamin'ny tsy nahateo azy.

**Mounzir:** ary izaho?

**Sheikh:** fa ianao kosa dia miaraka aminy ao anatin'ny fahotana lehibe.

**Mounzir:** saingy izaho tsy nitatitra zavatra momba azy.

**Cheikh:** tena marina ny fihainoanao ny fifosana dia fahotana lehibe ihany koa, tokony ianao nananatra an’i Mâlik mba hangina, na handao ny toerana.

**Mâlik:** ary inona izany no ataonay ankehitriny?

**Cheikh:** mangataha ianareo amin’Andriamanitra be voninahitra mba hamela heloka anareo Izy; avy eo mangataha famelan-keloka ho an’i Maisam. Ary fantaronareo fa ny Irak’Andriamanitra (saw) dia niteny: “tena marina ny fifosana dia mihinana ny fahatsarana tahaka ny hihinan’ny afo ny kitay”

**Mounzir:** ary inona ankehitriny no lazainay mba hamela anay Andriamanitra?

**Sheikh:** lazao hoe: “mangataka famelana amin’Andriamanitra Tompoko aho, ary mibebaka Aminy, mangataka aminao ry Tompo, r’Ilay Tompon’ireo filàna, mba ho voavaly izany araka ny sitra-pony ary ho haingana ny valiny, mba hitahy an’i Mohammad sy ny fianakavian’i Mohammad, ary hampankasitraka an’i Maissam anay, araka izay sitrakao, amin’ny alalan’ny famindram-ponao ry be indrafo indrindra amin’ireo mpamindra fo”

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin’izany lesona izany?**

1- Ny fifosana dia noraran’Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha, ary izy dia mamafa ny hatsarana.

2- Ny mpifosa sy ny mpihaino fifosana dia tahaka ny mihinana ny nofon’ny rahalahiny mpino maty.

3- Adidy tsy maintsy ataon’ny mpifosa ny mibebaka haingana amin’Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha.

## Fanontaniana mikasika ny lesona

1- Inona ny fifosana?

2- Moa ve ny fifosana dia anisan'ny voarara? Hamafiso izany amin'ny alalan'ny andininy amin'ny Kor'any na hadisy.

### Ny ohatra fakan-tahaka ambony indrindra amin'ny famoahana

Ny finoana Islamo dia mampirisika tokoa amin'ny famoahana tsara raha atao(moustahab), ary izany dia tsy voadidin'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha anisan'ny famoahana tsy maintsy atao, tahaka ny Al khoums (ampahadimin-karena) sy zakatou-l-mâl (harena fiantrana) ary zakatou-l-fitr (fanomezana aorian'ny fifehezana), miteny Andriamanitra Ilay avo indrindra: **«Fa ianareo mpino! Aoka ianareo hahafoy ampahany amin'ireo vokatsoa voahangonareo, sy ampahany tamin'izay navoakanay avy ao amin'ny tany ho anareo»** (al baqara 2.267).

Ary ny ahlou-l-bayt (a.s) noho ny fitondrantenan'izy ireo ambony sy ny fahalalahan-tànany ary ny finiavany amin'ny fanasoavana ny olombelona, sy ny fiarahan'izy ireo amin'ny filàn'ny olona, ny fijalian'izy ireo sy ny fanantenany, dia ohatra fakan-tahaka ambony eo amin'ny famoahana tsara raha atao amin'ny fanampiana ireo sahirana sy fanalana ny enta-mavesatr'izy ireo. Ka ho fantarintsika miaraka ny sasany amin'ireo ohatra momba izany famoahana izany.

### Ny Imamo Ali Ibn Abi Tâlib (a.s):

Ny Imamo Ali (a.s) dia tsy nana-na afa-tsy efatra dirhâm tamin'ny fotoana iray, ka navoakany ho fanomezana tamin'ny alina ny dirhâm iray, ary ny dirham iray hafa tamin'ny antoandro, ny dirham fahatelo tamim-piafenana, ary ny fahaefatra an-karihary, dia nampidin'Andriamanitra be voninahitra



sy avo indrindra ny teniny ho fanajana sy fanamboniana azy amin'ny asany: **«Fa ireo izay mahafoy manome ny harenany andro sy alina, miafina sy miharihary, dia miandry azy ireo ny valisoa avy amin'ny Tompo Zanahary. Ary tsy misy hampatahotra na koa hampalahelo azy ireo»** (al baqara 2.274).

### **Ny Imamo Ali Ibn Al Houssein (a.s)**

Ny Imamo As sajjâd (a.s) dia be fangorahana tokoa ary fi-tiavana ireo mahantra sy sahirana, ary tiany fatratra ny manatrika ny toeram-pihinan'ny mahantra sy sahirana, ary kamboty. Ary izy dia manolotra ny sakafo amin'ny tånany ho azy ireo, sy mitondra kitay ary fanampiana any an-tranon'izy ireo, eo amin'ny lamosiny.

Ary ny Imamo As Sajjâd (a.s) dia tsy nanome fotsiny izay nihoatra tamin'ny filàny, fa izy dia namoaka izay tiany ihany koa, ary rehefa nanontaniana izy; nahoana ianao no manome “amande” sy siramamy? Dia namaky ny tenin'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha izy: **«Tsy hahazo ilay fahasoavana velively ianareo raha tsy mahafoy manome izay zavatra tianareo»** (Al Imrân 3.92).

Ary rehefa mila hanome zavatra ny mahantra ny Imamo As Sajjâd (a.s) dia tsy mijery ny endriny izy, mba tsy hahitany eny amin'ilay mahantra ny taratry ny fahambaniana sy ny filàna; ary miteny aminy hoe: “manao ahoana r'ilay mitondra ny vatsiko any amin'ny fonenana any ankoatra”.

### **Ny Imamo Ali Ibn Moussa Ar Reza (a.s)**

Tamin'ny taona iray, dia nivoaka ny Imamo Ar Reza (a.s) han-deha hanao fivahinianana masina, ka rehefa tamin'ny andro fahasivin'ny volana zoul hidja, izay andro itoerana ao Arafat, dia nizara ny harenany rehetra ho an'ny mahantra ny Imamo.

Ary rehefa nanery ny Imamo Ar Reza (a.s) ny mpitondra Al Abbassi Al Ma'moun ny handao an'i Al Madina Al Mounawwara ary handeha ho an'i Khourassân, dia nandeha ny Imamo (a.s) tsy niaraka

tamin'ny zanany Imamo Al Jawwâd (a.s), nandefa hafatra mandrakariva ny Imamo Ar Reza ho an'ny zanany, nanoratra ho azy ireo anatra, sy torohevitra, ary nampirisika azy hanana faharetana sy fahatahorana.

Ary tao an-tranon'ny Imamo tao Al Madina dia nisy varavarana roa, ny iray amin'izy ireo kely, izany dia natokana ho an'ny fianakaviany, fa tsy manatona izany ireo vahiny, ary ny iray hafa lehibe, natokana ho an'ny mpamangy sy ireo sahirana mila fihaonana amin'ny Imamo (a.s).

Indray andro, nahafantatra ny Imamo Ar Reza (a.s) fa ny mpiasadia dia namoaka ny zanany lahy ny Imamo Al Jawwâd; izay mbola kely taona, avy eo amin'ny varavarana kely mba tsy ho tonga eo aminy ny iray amin'ireo sahirana, hangataka fanampiana...dia nanoratra taminy, nandefa hafatra haingana izy, niteny hoe:

“Ry Abou Ja’afar, tonga tamiko fa ny mpiasako – ny mpanampy – raha handeha ianao, dia hamoaka anao amin'ny varavarana kely izy ireo, izany dia fahihiran'izy ireo; mba tsy hisy an'iza n'iza hahazo fahatsarana avy aminao, ka miangavy anao aho amin'ny alalan'ny zoko aminao mba tsy hivoaka sy hiditra afa-tsy amin'ny varavarana lehibe, Ary raha mandeha ianao, dia aoka hisy volamena sy volafotsy hiaraka aminao, avy eo tsisy mangataka aminao ka tsy omenao izy, izay mangataka aminao, amin'ireo dadatoanao dia manaova soa aminy, ka aza omena latsaky ny 50 dinary izy, ary ny maro dia any aminao, ary izay mangataka aminao amin'ireo nenitoanao, dia aza omena latsaky 25 dinary izy, ary ny maro any aminao, tena marina aho mila anao hambonian'Andriamanitra, ka mamooaha fa aza matahotra ny fahihiran'ireo manam-boninahitra”.

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Ny Ahlou-l-bayt (a.s) dia ohatra fakan-tahaka ambony amin'ny famoahana.

2- Ny mpino dia mamooaka amin'ny harenany ho fitiavana sy fanatonana an'Andriamanitra Ilay avo indrindra, ary fanarahana ny Ahlou-l-bayt (a.s).



3- Ny mpino dia mangoraka ny mahantra fa tsy manambany azy.

4- Ny mpino dia mamoka amin'izay tiany.

5- Ny mpino dia mananatra ny hafa, ary mampirisika azy ireo amin'ny famoahana tsara raha atao.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

Mikaroha andininy iray ao amin'ny Kor'any, na tatitra manodidina ny famoahana tsara raha atao, ary soraty izany.

#### **Fanaovantsoa Ray aman-dReny (Birrou-l wâlidaine)**

Ny fanaovantsoa Ray aman-dReny dia anisan'ny adidy tsy maintsy atao, ary toetra ambony araka ny Islamo, fa ny faniratsirana azy ireo kosa dia fahotana lehibe, izay hanasazian'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha amin'ny famaizana mafy tokoa.

Niteny Andriamanitra be voninahitra sy Avo indrindra: « **Fa namoaka didy ny Tomponao hoe: “Aza manompo afa-tsy Izy ianareo, ary manaova ny tsara amin'ireo Ray amandReny, raha ny anankiray amin'izy ireo na izy roa no tratrantitra eo akaikinao, dia aza miteny velively amin'izy ireo hoe: “Eisy...”, nefa aza atositosika izy ireo, fa manaova teny feno fanajana kosa ho azy ireo. Fa amin'ny alalan'ny famindram-po, dia miaraha amin'izy ireo amim-pane-trentena ianao. Ka lazao hoe: “Ry Tompoko! Amindrao fo izy roa ireo, tahaka ny nitaizan'izy ireo ahy fony kely”.**»(Al Isrâ 17.23-24).

#### **Endrika maneho ny fanaovantsoa Ray aman-dReny**

1-Fankatoavana azy ireo amin'izay ankasitrahan'Andriamanitra.

2- Fanajana azy ireo amin'ny resaka sy fiaraha-mipetraka.

3- Fanampiana azy ireo rehefa mila izany izy ireo.

4- Ny fangataham-bavaka tsara ho azy ireo, ary ny asa tsara atao amin'ny anaran'izy ireo ao anatin'ny fahavelomany na ny fahafatesany.

### **Endrika maneho ny faniratsirana Ray aman-dReny**

1- Ny fitabatabana eo anoloan'izy ireo, ary ny firesahana amin'izy ireo amin'ny fomba tsy misy fanajana.

2- Ny fandraboriboriana azy ireo, sy ny fanompana azy ireo.

3- Ny tsy fanolorana fanampiana azy ireo.

4- Ny fijerevana azy ireo amin'ny fijery masiaka.



### **Ny fiafaran'ny mpanao soa ny Ray aman-dReniny**

1- Niteny ny Irak'Andriamanitra (saw): “tsy misy zanaka mpanao soa mijery am-pangorahana ny Ray aman-dReniny, raha tsy mahazo fivahinianana masina voaray isaky ny fijerena”. Izany hoe: soratan'Andriamanitra ho azy ny valisoan'ny fivahinianana masina voaray.

2- Niteny ny Irak'Andriamanitra (saw): “izay manome antoka ahy fa hanao soa ny Ray aman-dReny, dia omeko antoka izy amin'ny fananan-karena maro, sy ny fitomboam-pahavelomana, ary ny fitiavana eo amin'ny mpianakavy”

3- Niteny ny Irak'Andriamanitra (saw): “aoka ianao ho mpanao soa Ray sy Reny, ary hahohezo ny paradisa”. Izany hoe: hanakaiky ny paradisa ianao.

## **Ny fiafaran'ny mpaniratsira Ray aman-dReny**

1-Niteny ny Irak'Andriamanitra (saw): “tena marina Andriamanitra dia manana Anjely roa, mamonjy ny hafa ny iray amin'izy roa, ary miteny hoe: Tompo ô, arovy ireo mpanao soa Ray sy Reny, amin'ny fiarovanao, ary ilay hafa miteny hoe: Tompo ô; ringano ireo mpaniratsira Ray sy Reny amin'ny alalan'ny hatezeranao”

2-Niteny ny Irak'Andriamanitra (saw) :« ny fankasitrahan'Andriamanitra dia miaraka amin'ny fankasitrahan'ny Ray aman-dReny, ary ny fahatezeran'Andriamanitra dia miaraka amin'ny fahatezeran'ny Ray aman-dReny”.

3- Niteny ny Imamo Ali Al Hâdi (a.s): “ny faniratsirana Ray sy Reny dia arahina fahakelezana, ary miteraka fahambaniana”. “arahina fahakelezana” izany hoe: miteraka fahantrana.

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Ny fanaovantsoa Ray aman-dReny dia anisan'ny adidy tsy maintsy atao, ary ny faniratsirana azy ireo dia voarara.

2- Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia manafaingana ny valisoa ho an'ny mpanao soa ny Ray sy Reniny eto an-tany, ary homeny valisoa tsara indrindra any an-koatra.

3- Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha dia manafaingana ny sazy eto an-tany ho an'izay mpaniratsira ny Ray aman-dReniny, ary manasazy azy any an-koatra amin'ny famaizana mafy tokoa.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Milazà avy aminao, endrika iray amin'ireo endriky ny fanaovantsoa Ray aman-dReny.

2- Milazà avy aminao, endrika iray amin'ireo endriky ny faniratsirana

Ray aman-dReny.

## Ilay farany amin'ireo satana

Nikiry nanohy ny fangatahany hatrany i Jamâl, maniry ny namany “Cha’aban” izy mba hahatonga azy handefa ny farany amin'ireo devoly miaraka aminy, ary hanao azy hanidina lavitra, ka hisongona ireo vorona rehetra eny an-danitra, dia hihodina hanao faribolana, avy eo mianjera toy ireny fahazavana misy helatra ireny, mampitahotra an’ny dadatoa “Châkir Al baqqâl” izay misandoka amin’ny tantely sy ny dite, ary tsy tia azy ny olona eo an-toerana. Tena marina ny satana dia hanao azy tsy hisandoka intsony, na hampifangaro ny dite amin’ny ravina mangidy, ary ny tantely amin’ny rano sy siramamy, ka dia lasa olona mahatoky tian’ny rehetra izy.

Nanda ny hanome azy ny devoly i Cha’abân, ary nandrehitra azy izy, avy eo nanipy azy tamin-kery nanaraka ny sandriny, ka lasa lavitra, sy nanomboka nisitrika sy niafina tsikelikely, avy eo, nianjera toy ny fahazavana misy helatra teo ambonin’ny tafon’i “Abou Jamâl”.

Nangovitra i Jamâl ary feno tahotra ny fony. Dia niraikitra teny amin’ny tafo ambony ny endriny, ary nitelina ny rorany izy, sady name-rimberina hoe: “ry Tompo, afeno...ry Tompo, afeno...” ary rehefa tsy niteny intsony izy dia nanondrika ny lohany tampoka sy nisento ambony, ary nimenomenona “ny zana-tsi-pika avy amin’ny afo dia marina tokoa fa toy ny satana”

Tampoka teo, rehefa nilalao tamin’i Cha’abân i Jamâl dia niakatra ny feo mafy “may... may”...tandremo ny kely sy lehibe, dia nihantona tamin’ny lanitra ny hatok’izy ireo, ka nahita setroka avo toy ny satana izy ireo, nisitrika tao aminy ny vainga me-



namena. Dia nitombo ny hikiakan'ny vehivavy. Ary tao anatin'ny indray mipi-maso dia nahazo haingana ny mpiara-monina rehetra ilay fonenana: lehilahy, vehivavy, tanora. Ny rehetra dia samy niakatra tany ambony,

Nihamafy ny fahatezeran'i Jamâl ary nitomany, nangovitra ny vatan'ny noho ny tahotra, ary ny masony mifantoka eny amin'ny tafo ambony.

Nahatsiahy izy fa ny zazalahy antsoina hoe « Cha'abân » no nandrehitra ny afo tao an-tranon'izy ireo. Dia nitodika an-kavia sy ankavanana izy, nikaroka an'i Cha'abân, fa tsy nahita azy. Nivezivezy sy nihodina tao amin'ny faritry ny toerana rehetra, fa tsy nahita azy.

Dia nipetraka nitomany: “aiza ianao ry Cha'abân...hokapohiko ianao...ary hodorako ny fonenanareo tahaka ny nandoranao ny fonenanay...hianjera ny fonenana...tsy hahita toerana na oviana na oviana hatoriana ianao...aiza ianao ry Cha'abân r'ilay kanosa?”.

Dia nihamafy ny feon'ny fiara mpamono afo, efa eny an-dâlana. Nivoaka nihazakazaka avy ao amin'ny fiara ireo lehilahy mitafy satroby mena, mitovy avokoa izy rehetra, avy hatrany dia an'asa, misintona fantsona lehibe izy ireo ary mitosaka ny rano ka mamono ny afo...ny aizina no nahazo toerana tamin'izany, ary niverina i Jamâl nikaroka an'i Cha'abân, ka ny hazavan'ny iray tamin'ireo jiro no nahitany zaza mitomany, dia nanatona azy izy, Cha'abân izany! Niteny Jamâl tamin'ny feo ambony: “tratrako ianao ry kanosa, hitsoaka ianao...hitsoaka ianao...? Nefa tsy nitodika tany aminy i Cha'abân, fa nijanona teo amin'ny toerany izy, nitomany. Tsy nisy tamin'i Cha'abân intsony ny endri-pifaliana, nahatsapa i Jamâl fa izy dia tena tia azy tokoa, ary nidina teo anilany izy, ary tamim-pangorahana no niezahany nahafantatra ny anton'ny tomaniny. Niteny Cha'abân: “tsy nokasaiko...tsy nokasaiko...izy no nilatsaka teo amin'ny tafonareo...tahaka izay nomeko anao izy...ankizy maditra aho... inty aho...kapohy aho araka izay tianao...avia”. Nofehezina i Jamâl tamin'ny sandriny roa izy, avy eo niteny izy: “henoy ry Cha'abân... ny lehibe dia nandresy ny satana rehetra”, avy eo nosintoniny ny namany, ary lasa niaraka izy ireo ka tonga teo anoloan'ny fivarotan'ny dadatoa Châkir Al Baqqâl, izay nanadio ny entam-barony. Nitazana azy roa izy

nandritra izany, dia niantso an'i Jamâl, dia nanatona azy i Jamâl tamim-pitandremana, ka nikasika ny latabatra vita amin'ny marbra izy?

Dia nofenoin'ny dadatoa Châkir mofomamy sy vatomamy ary siramamy ny tânany, dia napetrany tao am-paosin'i Jamâl, sady nit-siky izy: “aza malahelo, fa ny afo dia tsy mihinana afa-tsy ny bozaka sy ny kitay”. Dia nihataka tamim-pahamanarana i Jamâl. Ary nieritre-ri-dratsy an'ny dadatoa Châkir izy, ary namerimberina izay nolazainy ny sasany tamin'ny olona, izy ilay nanome azy mofomamy sy vatoma-my ary siramamy...tsia...tsia...tokony handray zavatra avy aminy izy.

Haveriko any aminy ity fanomezany ity...ary dia niverina i Jamâl, nijoro teo anoloan'ny dadatoa Châkir, ary namoaka izay rehetra no-meny azy, ary niteny: “tsy mila aho...tsy mila aho”, niteny dadatoa Châkir: “fantatro fa tsy tia ahy ianao...nefa aho tia anareo rehetra”. Niteny hentitra i Jamâl: “eny, satria ianao manao hosoka amin'ny dite sy tantely”.

Nihomehy dadatoa Châkir ary niteny: “izaho?...iza no niteny izany? Izaho dia tsy mivarotra dite sy tantely”, nanontany tamim-pi-faliana i Jamâl: “marina ve?”...dia namerina niteny dadatoa Châkir: “eny...fa izaho tsy mivarotra ireo zavatra ireo. Jereo”, tsy nijery i Jamâl, fa nandray ireo mofomamy sy vatomamy ary siramamy, dia nandeha teny amin'ny namany Cha'abân tamim-pifaliana, ary nanome ny antsasany tamin'izay tany aminy, sady niteny izy: “tena marina aho mankahala ireo satana...tsy hilalao aminy na oviana na oviana intsony aho, fa dadatoa Châkir dia lehilahy azo itokisana sy tsara”.

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin'izany lesona izany?**

1- Ny eritreri-dratsy amin'ny hafa dia mety hiteraka vokatry mampidi-doza.

2- Niteny Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha: “tena marina ny ampahany amin'ny ahiahy atao amin'ny olona dia fahotana” (al houjourât 49.12).

3- Niteny Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha: “Ianareo mpino! Raha

misy olona ratsy tonga mitondra vaovao ho anareo, dia hamarino tsara izany mba tsy hanaovanareo ratsy amin'ny olona noho ny tsy fahafantarana, ka hanenenanareo amin'izay ataonareo avy eo" (al houjourât 49.6).

4- Ny mpino dia mifanampy ao anatin'ny fahasambarana sy ny fahasahiranana.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

1- Inona ilay satana izay nalefan'i Cha'abân?

2- Nahoana i Jamâl no nila nanipy ny satana tamin'ilay mpivarotra Châkir?

3- Inona no tsikaritr'i Jamâl rehefa niresaka tamin'ilay mpivarotra izy?

4- Moa ve marina ny eritreritr'i Jamâl nanoloana ilay mpivarotra?

### **Ho azy ireo, avy aminay ny Al Fâtiha**

Nandona ny varavarana indray mandeha tamin'ny tehiny izy, ary niteny tamin'ny feo ambony: ô ry tompon-trano...Ary tsy nisy afa-tsy izaho ny olona tao an-trano, ary fantatro tsara tokoa izy, tahaka ny ahafantaran'ny olon'ny tanàna azy, Cheikh Ahmad izay mamaky ny Kor'any isaky ny tokantrano, ny feony dia tsara, eny tsara.

Efa nivoaka ny rehetra izay tao an-trano, moa ve aho hamela azy handroso. Ary tamin-kery, tsy mahatoky izay ao anatiko aho, ka niteny taminy hoe: mandrosoa ianao Cheikh...mandrosoa.

Dia nosokafako ny efitra fipetrahana, gaga Cheikh, nikapoka malefaka ny soroko: izay sitrak'Andriamanitra...izay sitrak'Andriamanitra...! Cheikh Ahmad dia mamangy ny tokantrano rehetra, ary tsy mamela n'iza n'iza tsy hanome azy ny fahasoavan'ny Kor'any...tianay izy...ary tianay ny feony...ary izy isaky ny miditra ny trano dia manomboka mamaky ny Kor'any tamin'izay nijanonany tamin'ny trano teo aloha...nefa inona no ataoko? Tsy tadidiko izy tamin'ny tonga, ary ny Raiko tao an-trano, rehefa nipetraka niaraka taminy sy nandray tànana azy, ary rehefa nahavita ny famakiana dia niteny taminy: dera ho anao...

Nefa ny Raiko any amin'ny asany, ary ny rehetra nivoaka avokoa...nandeha ny fotoana, ary izaho mbola mieritreritra, ary mieritreritra, dia nahita ny tenako ho tony aho teo anilan'ny Cheikh, niforitra teo ambony seza hazo, tena toy ny Raiko, nanetsika ny lohako aho noho ny halehiben'ny andininy masina, sy ny feo tsara, ary Cheikh dia nandehy ny famakiana tamin'ny sourat Maryam. Ny feony dia mameno ny fo sy ny fanahy, mitondra alahelo sy hafanana, ny endriny dia miova manaraka ny andininy...avy eo mangina izy dia miteny: marina ny tenin'Andriamanitra Ilay Avo indrindra sy be voninahitra ...Al Fâtiha, ary mialohan'ny hamakiany ny Al Fâtiha, dia miteny izy: ho an'ireo maritiora sy olo-marina, ary ho an'ny fanahin'ireo matinay sy matinareo...

Dia vonton-dranomaso aho, nahatsapa fahasambarana lehibe, nanolotra ny tânany Cheikh, ary namihina ahy,ka niteny hoe: ny fahasovan'Andriamanitra anie ho aminao...

Dia nanolotra ny tânako aho, nandray azy sady niteny: dera ho anao, misaotra...hanome voninahitra anao anie Andriamanitra ry Cheikh...

Ravo tokoa Cheikh, ary feno hafaliana, dia mangovitra eo am-pitsanganana sady mahatsiaro ny Tompony ary mangataka famelan-keloka, ka nanaraka azy hatreny am-baravarana aho, avy eo niverina tamin'ny toerana niforetako, tamin'ilay toerana teo ihany, dia lasa ny feoko manao ny Al Fâtiha ho an'ireo maritiora sy ho an'izay nandao ahy tamin'ireo fianakaviako sy ny olon-tiako.

Ny Kor'any masina ao amin'ny hadisin'ny Ahlou-l-bayt (fianakavian'ny Mpaminany)

- Avy amin'ny Mpaminany be voninahitra (saw): “hazavao amin'ny famakiana ny Kor'any tranonareo”.

- Avy amin'ny Imamo Ja'afar As





Sâdiq (a.s): “ny mahatadidy ny Kor’any sy mampihatra azy, dia miaraka amin’ireo Anjely be voninahitra sy mendrika”

- Avy amin’ny Imamo zainou-l-Abidine (a.s): “ireo andinin’ny Kor’any dia vata sarobidy, ka isaky ny manokatra ny vata ianao dia tokony hijery izay ao anatiny”

- Avy amin’ny Imamo Ja’afar As Sâdiq (a.s); “telo mitarina amin’Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoa: “Masjid rava tsy hivavahan’ny olony, sy manam-pahaizana eo anivon’ireo tsy mahalala, ary Kor’any mihantona efa ilatsahan’ny vovoka eo aminy tsy mba vakiana ny ao anatiny”.

### **Inona no azontsika tsoahina avy amin’izany lesona izany?**

1- Ny famakiana ny Kor’any dia fahazavana ho an’ny fontsika.

2- Ny fahasoavana dia mitoetra amin’izay amakiana ny Kor’any masina.

3- Ny fipetrahana amin’ny famakiana ny Kor’any masina dia fipetrahana tian’Andriamanitra Ilay avo indrindra ary hatrehan’ireo Anjely.

4- Ny mpino dia tsy manadino ireo sakaizany izay efa nalain’Andriamanitra Ilay avo indrindra.

5- Ny zavatra kely indrindra ataon’ny mpino manoloana azy ireo dia ny famakiana ny Al Fâtiha, ary ny fandefasana ny fahasoavan’izany ho an’ny fanahin’izy ireo.

### **Fanontaniana mikasika ny lesona**

Mikaroha andiana asa izay tsara raha atao(moustahab) ho an’ny maty, avy eo soraty izany.

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo*

## **Ny tantara**

*Fizarana fahefatra*

## **Ny tantara**

### **Ny Imamo Ali Ibn Moussa Ar Reza (a.s)**

Izy no Imamo Ali (Ar Reza) zanak'i Moussa (Al Kâzimo) zanak'i Ja'afar (As Sâdiq) zanak'i Mohammad (Al Bâqir) zanak'i Ali (Zainou-l-Abidine) zanak'i Al Houssein (Assibt Ac-chahid) zanak'i Ali Ibn Abi Tâlib, ho amin'izy ireo anie ny fitahiana.

### **Ny Reniny, Assaida Oummou-l-Banîne.**

Teraka tamin'ny faha 11n'ny volana zou-l-qa'ada taona 148 hidjriya tao Al Madina Al Mounawwara.

Maty maritiora tao Khourassân akaiky ny tanànan'i Touss, ary milevina any, tanànan'i Mach had ankehitriny. Ary izany dia tamin'ny faran'ny volana Safar taona 303 hidjriya (fifindra-monin'ny Mpaminany).

## Ny fahatahorany sy ny fitandremanany

Ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo) (a.s), izy ireo no mendrika indrindra amin'ny olona tamin'ny vanim-potoanan'izy ireo, teo amin'ny finoana sy ny fahalalana ary ny toetra, ary Andriamanitra Ilay Avo indrindra dia efa nijoro vavolombelona ho azy ireo ny amin'izany, sy ny Irany ary ireo olo-marina .

Miteny Rajâ Ibn Abi Addahhâk, izay nalefan'i Al Ma'moun Al Abbassi hitondra an'ny Imamo Ar Reza (a.s) avy Madina ho an'i Mourou any Khourassân: “Eo anatrehan'Andriamanitra, tsy nahita olona manam-pitandremana fatratra amin'Andriamanitra mihoatra azy aho, ary manam-patahorana an'Andriamanitra tokoa”

Ny fahalalany: ireo mpitarika ara-pinoana (a.s) dia mandray ny fahalalan'izy ireo avy amin'ny Irak'Andriamanitra (saw), ary ny Irak'Andriamanitra dia mandray ny fahalalany avy amin'i Jibril (a.s), ary izy mandray ny fahalalana avy amin'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha.

Ka noho izany, miteny ny Imamontsika Ar Reza (a.s):“niteny tamiko ny Raiko Moussa Al Kâzimo, avy amin'i Rainy Ja'afar As Sâdiq, avy amin'ny Rainy Mohammad Al Bâqir, avy amin'ny Rainy Zainou-l- Abidine, Avy amin'ny Rainy Al Houssein maritioran'i Karbala, avy amin'ny Rainy Ali Ibn Abi Tâlib, fa izy dia niteny: niteny tamiko ilay sakaizako sy tiako indrindra ny Irak'Andriamanitra (saw) avy amin'ny Jibril fa izy dia niteny: naheno Ilay Tompon'ny fahamboniana be voninahitra aho miteny...

Ary efa namaritra ny iray amin'izy ireo mikasika ny fahalalan'ny Imamo Ar Reza (a.s), ka nilaza hoe: tsy nahita an'i Ar Reza nanontaniana aho ka tsy fantany izany, ary tsy nahita mahay indrindra mihoatra azy aho, nitsapa azy i Al Ma'moun tamin'ny fanontaniana mahakasika ny zavadrehetra ka dia novaliany izany...

Ary niteny ny hafa: namoaka fehezan-dalàna tao amin'ny masjid-n'ny Irak'Andriamanitra (saw) ny Imamo Ar Reza (a.s), nefa izy vao roapolo taona mahery kely.

## Ny fitondrantenany

Ny fitondrantenan'ireo Imamo (a.s) dia fitondrantena araka ny Kor'any, sy fitondrantenan'Ilay Mpaminany be voninahitra (saw), ka ny toetran'ny Imamo Ar Reza (a.s) dia toetran'ny Kor'any sy toetran'ny Raibeny Irak'Andriamanitra. Ary efa niteny ny iray amin'ireo izay niaina niaraka tamin'ny Imamo: tsy nahita aho, ary tsy nandre olona mendrika indrindra mihoatra an'i Abou-l-Hassan Ar Reza, ary hitako taminy izay tsy hitako tamin'iza n'iza, ary tsy nahita azy nanao teny mahery tamin'iza n'iza mihitsy aho, sy tsy nahita azy ihany koa nanapaka tenin'olona, mandra-pahavitany, ary tsy nandà ny fangatahan'ny olona izy fa nanao izay vitany. Ary tsy natsotrany mihitsy ny tongony roa teo anoloan'ireo izay miaraka aminy, ary tsy nahita azy nanompa n'iza n'iza tamin'ireo mpanampiny aho, sy ireo mpanompony, tsy nahita azy nikakakaka rehefa mihomehy, fa tsiky fotsiny ihany, ary raha irery izy ka mivelatra ny toerana fihinanana, dia apetrany eo amin'ny toeram-pihinanany ny mpanampiny, hatramin'ny mpiambina vavahady sy ny mpiandry soavaly. Ary izy dia matory kely monja amin'ny alina, manao fifehezana matetika, tsy mamela ny fifehezana in-telo isam-bolana izy, manao asa tsara sy manampy ny hafa amim-piafenana, ka ny ankamaroan'izany dia amin'ny alina maizin-kitroka.

## Ny Imamo niaraka tamin'i Al Ma'moun

Noteren'i Al Ma'moun Al Abbassi ny Imamo Ar Reza (a.s) mba handao an'i Al Madina Al Mounawwara, ka ho any Mourou, mba ho eo ambany fanaraha-masonry, sy hanalavitra ireo mpanara-dia azy, tao-rian'ny nahitany ny fitiavan'ny olona an'ny Imamo sy ny fifikiran'izy ireo mafy aminy.

Ary rehefa tonga tao an-tanàn'i Mourou ny Imamo (a.s); dia nangataka taminy i Al Ma'moun mba hanaiky ny fahefam-pitondrana ifandimbiasana, ka ny Imamo no ho mpitondra aoriany. Nefa ny Imamo ArReza (a.s) dia efa nahafantatra fa mandainga i Al Ma'moun, fa izy mila hamitaka ny olona, ary haneho amin'ny maro fa mitia ireo Ahloul-

Bayt(as) niezaka nandà ny hevitr'i Al Ma'moun ny Imamo saingy tamin'ny farany dia noteren'i Al Ma'moun hanaiky izany izy. Nametraka fepetra ny Imamo(as) fa tsy hiditra amin'ny raharaham-pitondrana mba tsy hanao tsindrihazolena ny zon'ny hafa ,ary mba hampazava amin'ny rehetra fa Izy(as) dia tsy mankasitraka ny fifanekena ara-pitondrana napetrak'i Al Ma'moun.

Ary afaka roa taona taorian'ny faharerahana sy ny fitokana-monina ary ny fizakana ny fampijaliana, dia nahita Al Ma'moun fa tante-raka ny tanjony, ka nanisy poizina ny Imamo Ar Reza (a.s) izy, ary maty maritiora ny Imamo, tamin'ny faha 54 taonany teo ho eo.

Tsy nahita azy nanao teny mahery tamin'iza n'iza mihitsy aho, ary tsy nahita azy nanapaka tenin'olona, mandra-pahavitany, ary tsy nandà ny fangatahan'olona izy fa nanao izay vitany. Tsy natsotrany mihitsy ny tongony roa teo anoloan'ireo izay miaraka aminy.

### **Assaida Zainabo zanaky ny Mpitarika ny mpino (a.s)**

Tamin'ny taona fahenina tamin'ny fifindra-monin'ny Mpaminany (saw); dia nomen'Andriamanitra zanaka vavy i Ali (a.s) sy Fatima (a.s) dia i Zainabo Al Koubra izany. Feno fahasambarana tokoa ny olon'izany tokantrano izany, izay nalan'Andriamanitra tamin'izy ireo ny fahalotana, ka nanadiovana azy ireo tanteraka.

Zainabo dia voataiza teo am-pelatànan'Ilay mendrika indrindra amin'ny zava-boaharin'Andriamanitra, ny Mpaminany be voninahitra sy Ali ary Fatima, ho eo amin'izy ireo anie ny fitahian'Andriamanitra, ary naka fahalalana sy fitsipi-dalàna araka ny finoana Islamo avy amin'Ilay tanànan'ny fahalalana sy ny varavarany izy, ary efa niteny azy ny Imamo Ali Ibn Al Houssein Assajjâd (a.s): “ ry Nenitoa! ianao dia hanam-pahalalàna tsy misy mpampianatra noho ny fitahian'Andriamanitra, ary mahafantatra tsy misy mampafantatra”

## **Zainabo Al Koubra ta Koufa**

Nandray an'i Koufa ho Renivohiny ny Imamo Ali Ibn Abi Tâlib (a.s) tamin'ny andro nitondrany ; ary nifindra ny fianakavian'ny Mpaminany, ka niaraka tamin'izy ireo Zainabo Al Koubra, tany amin'io Renivohitra io. Ary rehefa nahafantatra ny vehivavy tao Koufa ny momba ny Assaida Zainabo sy ny fahalalany, dia nandefa ny vadin'izy ireo tany amin'ny Imamo Ali (a.s), hangataka aminy mba hampianaran'ny zanany vavy Zainabo ny vehivavin'izy ireo ny fitsipi-dalàna Islamika, sy ny fanazavana ny Kor'any, ary ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany (saw).

Dia nanaiky ny Imamo Ali (a.s), ka nilaza izany tamin'ny zanany vavy, ary nanaiky ihany koa ity farany fa handray ny andraikiny, ka nangana fihaonana hanazavana ny Kor'any masina izy.

## **Zainabo Al Koubra tao Karbala**

Taorian'ny naha maritiora an'ny Imamo Ali (a.s), sy taorian'ny Imamo Al Houssein Al Moujtaba (a.s) ; dia nanoratra tamin'ny Imamo Al Houssein Ibn Ali (a.s) ny vahoakan'i Koufa, nangataka taminy ho tonga any an-drenivohitr'izy ireo mba hamonjeny sy hananganany fitondrana marina eo ambany fitarihany.

Nandeha ny Imamo (a.s) ho any Koufa, ary niaraka taminy ny fianakaviany sy ireo mpiara-dia aminy, ka anisan'izany i Assaida Zainabo (a.s). Ary niseho avokoa ireo tranga izay nahavoatery any Imamo hidina tao Karbala, mba hiady amin'ny miaramilan'i Yazid Ibn Moua'wiya. Dia nandeha ny adin'ireo vondrona roa, tea amin'ireo 72 mpiady avy amin'ny tafiky Imamo Al Houssein, sy 30 000 mihoatra mpiady avy amin'ny tafiky ny fahavalo...ary naneho ny fahavitriany sy ny hafanam-pony tokoa ireo mpanara-dia an'ny Imamo, izay tsy hay faritana, eny fa raha nianjera ny iray dia manaraka ny hafa ho maritiora amin'ny làlan'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha.

Nanatrika sy nahita izany fahavoazana lehibe izany Assaida Zai-

nabo (a.s) ; izay nihatra tamin’ny Imamony sy ny anadahiny, Al Houssein, sy izay nihatra tamin’ny fianakaviany sy ireo mpiara-dia taminy tao Karbala, saingy izy dia toy ny tendrombohitra goavana, tamin’ny faharetany sy ny fijoroany tanteraka, ary nahatsiaro ireo tenin’ny anadahiny maritiora izy, rehefa nanafatra azy ny alin’ny fahafolon’ny volana Moharram hoe : « ry anabaviko, tsy hitondra ny faharetanao mihitsy ny satana, fa ny olon’ny lanitra dia maty ary ny olon’ny tany dia tsy hitoetra. Ny zava-drehetra dia ho ringana afa-tsy ny Endriny, Azy ny fanjakana ary any Aminy no hiverenanareo. Fa aiza ny Raiko sy ny Raibeko izay tsara lavitra mihoatra ahy, ary izy ireo ho ahy sy ho an’ny mpino silamo rehetra dia ohatra fakan-tahaka tsara indrindra. Ry anabaviko, ny zoko aminao, raha voavono aho dia aza mandrovitra akanjo ianao noho ny amiko, ary aza mandrangotra tarehy ianao noho ny amiko”

### **Zainabo Al Koubra babo an’ady**

Nentin’ny miaramilan’i Yazid ireo lohan’ireo maty maritiora tamin’ny lohan-defona, ary nalain’izy ireo niaraka taminy ho babo ireo zaza amam-behivavy avy amin’ny Ahlou-l-bayt sy ireo mpiara-dia tamin’izy ireo, avy ao Karbala ho any Châm (Syrie), ka Assaïda Zainabo (a.s) no nitsimbina sy niahy ireo vehivavy sy ny ankizy, ary nankahery azy ireo hanam-paharetana.

Niharitra zava-maroko tokoa Assaïda Zainabo (a.s) tamin’ny fanaintanana sy ny faharerahana ary ny hanoanana nandritra izany fotoana izany, mikasika izany dia niteny ny Imamo Assajjâd (a.s): “tena marina ny Nenitoako Zainabo dia nanatanteraka ny fivavahany am-pitsanganana ireo tsy maintsy atao, sy tokony atao, teny am-pandehananay avy any Koufa ho any Châm. Ary tamin’ny trano sasany; dia nivavaka nipetraka izy noho ny hamafin’ny hanoanana sy ny fahosana...

Satria izy dia nizara ny sakafo teo aminy tamin’ireo ankizy, ny vahoaka dia samy nanolotra ampahana mofa ho anay tsirairay avy, indray andro sy indray alina”.

Rehefa tonga tao Koufa Assaïda Zainabo dia nitovy teny tamin’ny

olona izy, ary nanazava ny tanjon'ny tolona nataon'ny Imamo Al Houssein, izay nampamenatra ireo fahavalon'izany tolona izany, eny fa dia nitomany ny olona, ary nanenina izy ireo tamin'ny famelan'izy ireo ilay lehiben'ny maritiora Al Houssein Ibn Ali (a.s).

Dia nizotra ho any Châm ny fitaterana, ka tonga soa amantsara, ary nampidirina tao amin'i Yazid ireo babo. Nitsangana Assaida Zainabo (a.s) ary nanao toriteny nahavariana sy nisy akony tokoa, eny fa dia saika nivadika tamin'i Yazid ny olona nanatrika teo, ka nandidy azy ireo hi-voaka ny lapany izy.

Dia nampitsangana fahatsiarovana ny fahafatesan'ireo maritiora i Assaida Zainabo nandritra ny telo andro tao an-drenivohitry ny firenen'i Yazid, nanatrika izany ireo vehivavy, ary fantatr'izy ireo tamin'izany ny fahamarinan'ny zavatra nitranga, ka afabaraka i Yazid sy ireo mpomba azy, ary voatery izy namela ny fitaterana handao any Châm sy hizotra ho any Al Madina Al Mounawwara.

### **Ny fahafatesan'i Assaida Zainabo**

Niverina tany Al Madina Assaida Zainabo any amin'ny Raibeny Ilay Irak'Andriamanitra (saw), dia niresaka tamin'ny olona ny amin'ny tanjon'ny tolona nataon'ny anadahiny Al Houssein sy izay nandalo tao Karbala, ka dia naeliny izany, ho fampitahorana ny mpitondra tao Al Madina, izay nanambara tamin'ny lehibeny Yazid mikasika ny toe-draharaha, ka nanome baiko ity farany amin'ny handroahana azy tao Al Madina Al Mounawwara. Tsy nanome azy fotoana maro ny aretina sy ny harerahana; fa nindaosin'ny fahafatesana Assaida Zainabo (a.s) niharitra sy nitolona tamin'ny lalan'Andriamanitra, ka nihaona tamin'ny Tompony tamin'izany izy mankasitraka sy feno fankasitrahana, nihaona tamin'izay efa lasa amin'ireo Rainy sy ireo Raibeny izay niezaka tamin'ny tenan'izy ireo sy ny harenany hanavotana ny finoan'Andriamanitra Tsitoha.



## **Adin'i Siffine**

### **Ny Imamo Ali (a.s) nitondra ny mpino silamo**

Taorian'ny nahafaty ny mpitondra fahatelo Oussmân Ibn Affân, dia tonga tamin'ny Imamo Ali Ibn Abi Tâlib (a.s) ny olona nanohana azy mba hitondra azy ireo...dia tanteraka ny maha mpitondra sy Mpitarika ny mpino azy, tonga ireo solontena avy amin'ny firenena Islamika niarahaba sy nanohana azy am-pihainoana sy am-pankatoavana. Ary ny sasany tamin'ireo izay nanohana sy nanaiky ny Imamo Ali (a.s) ho mpitondra dia nanantena ny hanomezany azy ireo anjara amin'ny fitondrana, ary hano-otra ho azy ireo fanomezana sy harena, hanome azy ireo tany sy saha, tahaka izay nataon'ny mpitondra Oussmân...nefa tsy tanteraka ny fanantenan'izy ireo, rehefa nahita ny fahamarinan'ny Imamo sy ny fahitsiany tamin'ny fiarahany miasa tamin'ny olona rehetra eo ambany fiadidiany.

Ary anisan'izy ireo Talha Ibn Oubaidillah sy Azzoubair Ibn Al 'Awwâm, izy ireo dia anisan'ny mpanara-dia ny Irak'Andriamanitra (saw). Ka tsy nahafaly azy ireo izany, dia nikomy tamin'ny Imamo Ali (a.s) izy ireo, ka nanafoanan'izy ireo ny fanka-toavany sy ny fanekenany an'ny Imamo, ary niaraka tamin'izy ireo Oummou-l-mou'minine Aisha (r.a) vadin'ny Mpaminany (saw).

Nizotra ho any Bassora ireo mpitarika telo niaraka tamin'ny mpanohana azy ireo sy ireo mpitsiriritra ny harena ambonin'ny tany, ka nofehezin'izy ireo ny tanàna ary namonoan'izy ireo ny tsy manantsiny, sy nakan'izy ireo an-keriny izay tao amin'ny tranom-bolan'ny mpino silamo.

Nahatsapa ny Imamo Ali (a.s) fa voatery hiady amin'izy ireo, ka raikitra ny ady, ary resy izy ireo, sady nofoanana ny korontana, izay fantatra tamin'ny adin'ny rameva.

### **Ny fikomian'i Moua'wiya**

Ary tao Châm, dia Moua'wiya Ibn Abi Soufiyâne, no mpitondra any Châm, avy amin'i Oussmân, izay efa nampiharihary ny fanoherany,

sy ny fandavany ireo baikon'ny Imamo Ali, mba hamelan'ny Imamo ny fitondrana, ary nandrahona hiady, sy mila haka ny fitondrana.

Niezaka ny Imamo Ali (a.s) ny nandresy lahatra an'i Moua'wiya mba hampijanona ireo filazany tsy marina, ary hanaiky ireo baikony, saingy niziriziry amin'ny ady sy ny fifamonoana i Moua'wiya, ka ny hany nataon'ny Imamo dia tsy nisy afa-tsy ny fanomanana tafika lehibe ary nizotra ho any Châm izay toerana foiben'ny fikomiana.

Dia nivoaka i Moua'wiya nizotra ho any Iraq amin'ny andraikiny, ka nifanehitra teo amin'ny reniranon'i Al Firât (Euphrate) ireo andiany roa, teo amin'ny tany fantatra amin'ny hoe: Siffine.

### **Sehatra ara-pitondrantena**

Nifehy ny renirano ny tafik'i Moua'wiya, ka nanakana ny miaramilan'ny Imamo Ali (a.s) tsy hahazo tombony amin'ny rano, ka nanome baiko ny Imamo amin'ny fanoherana azy ireo, teo ambany fitarihan'ilay mpitari-tafika lehibe Mâlik Al Ahtar izay nanafaingana ny fandresena azy ireo ka nifehezany ny renirano.

Ary nila hanakana ireo olon'i Châm tsy hisotro rano ireo miaramilan'ny Imamo Ali tahaka izay nataon'izy ireo tany am-boalohany, nefa nandrara azy ireo tamin'izany ny Imamo, fa namela ny rehetra hisotro amin'ny rano.

### **Ny fiezahan'ny Imamo hifandamina**

Niezaka mafy tokoa ny Imamo Ali (a.s) hanakanana ny fipoahan'ny ady, teo amin'ireo andiany roa, ary nandefa solontena maro tany amin'i Moua'wiya izy, miantso azy ho amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra sy ny fitandroana ny firaisan'ny mpino silamo. Nefa nanda izay rehetra tolo-kevitra ny Imamo i Moua'wiya, fa nikiry hatrany amin'ny ady.

Nivoaka mihitsy ny Imamo Ali (a.s) , nangataka tamin'i Moua'wiya hifanandrina aminy hiady, ary niteny: "Moua'wiya, ny amin'inona no hifamonoan'ny olona? Mifanandriana amiko, ary avelao ny olona, dia aoka ny raharaha ho an'izay mpandresy". Saingy nanda izany ihany koa i Moua'wiya, ary fantany tsara ny tanjaky ny Imamo sy ny hafanampony...satria izy sabatr'Andriamanitra mahafaty, ilay sangany amin'ny mpandresy, ilay namono ireo tsy mpino, mpiaro ny Islamo.

### **Ny fipoahan'ny ady**

Niharihary tamin'ny Imamo Ali (a.s) fa i Moua'wiya dia tsy maintsy hiady, ka nanakana ny miaramilany izy tsy hanomboka ny ady... ary tsy nandalo fotoana ela akory dia nanomboka ny ady ny miaramilan'i Moua'wiya, tamim-panoherana tokoa, dia nifanehitra tao anatin'ny ady tanteraka ireo andiany roa feno fahasiahina, tsy nisy fijanonana ho an'ny andaniny iray...dia nitoetra tamin'izany ny toe-draharaha nandritra ny roa herinandro, mandra-panombohan'ny fandresena ho an'ny miaramilan'ny Imamo Ali (a.s).

### **Nampiasa fitaka i Moua'wiya**

Rehefa nahita ny faharesen'ny tafiny i Moua'wiya, dia naka hevitra tamin'i Amrou Ibn Al 'Ass, ka dia nanoro-hevitra azy iti farany mba hametraka ny Kor'any eo an-dohan'ny lefona, ary hangataka ny hampijanonana ny ady, ka hitsaran'ny Kor'any masina ny mpanao ny tsy rariny sy ny voan'ny tsy rariny ao anatin'izany ady izany...tsy miteny ny marina anefa i Moua'wiya, fa mila handositra ny faharesena, ary tanteraka ny famitahany, satria nino izany ny ankamaroan'ireo miaramilan'ny Imamo; ka nanery azy hanaiky ny fampitsaharana sy ny fitsarana.

Nisafidy izay fetsy indrindra tamin'ny miaramilany i Moua'wiya, dia i Amrou Ibn Al 'Ass, ary nisafidy an'i Abdoullah Ibn Al Abbass ny Imamo Ali (a.s); zanaky ny dadatoany, sy zanaky ny dadatoan'ny Mpaminany, noho ny hakingantsainy sy ny fahendreny...dia niseho ireo mpihatsaravelatsihy sy ny bado izay tao amin'ny tafiky ny Imamo Ali (a.s), nanoheran'izy ireo ny fisafidianan'ny Imamo an'i Ibn

Abbas (r.a), fa izy ireo kosa nisafidy iray hafa avy amin'izy ireo araka ny fiheverany, dia i Abou Moussa Al Ach a'ri, ary nandrahona ny Imamo izy ireo fa raha tsy manaiky izany izy, dia ho vonoin'izy ireo.

Dia nihaona tamin'i Amrou i Al Ach a'ri, ka afaka namitaka ny faharoa ny voalohany, satria nilaza izy hoe: esory amin'ny fitondrana ny mpitarika anao, dia hanala ny mpitarika ahy amin'ny fitondrana aho, dia nitsangana i Al Ach a'ri sady niteny tamin'ny feo ambony: efa nesoriko tamin'ny fitondrana i Ali, avy eo nitsangana i Amrou niteny: efa niala ny namanareo, izany hoe ny Imamo Ali, ary izaho dia manendry an'i Moua'wiya ho mpitondran'ny mpino silamo!!

### **Ny fiafaran'ny ady**

Dia toy izany no niafaran'ny ady, tsy afaka nanafoana ny fikomian'i Moua'wiya ny Imamo Ali (a.s); ary nipetraka teo amin'ny fitondrana tao Châm i Moua'wiya, nanambara ny tenany ho mpitondran'ny mpino silamo izy...dia niverina tany Koufa ny Imamo izay renivohitry ny fitondrany, ary nalahelo izy amin'ity vahoaka ity izay tsy nahafantatra ny zony, sy nanohitra ny baikony, ary tsy mandray avy amin'i Moua'wiya afa-tsy fahambaniana sy fandemena.

### **Ny Imamo Mohammad Al Jawwâd (a.s)**

Izy no Imamo Mohammad (Al Jawwâd) zanak'i Ali (ArReza) zanak'i Moussa (Al Kâzimo) zanak'i Ja'afar (As Sâdiq) zanak'i Mohammad (Al Bâqir) zanak'i Ali (Assajjâd) zanak'i Al Houssein (zafikely maritiora) zanak'i Ali Ibn Abi Tâlib (a.s).

Teraka ny Imamo Al Jawwâd (a.s) tamin'ny fahadimin'ny volana Rajab taona 195 hidjriya (fifindra-monin'ny Mpaminany) tao Al Madina Al Mounawwara.

## **Ny Reniny dia Assaida Sabîka An Naoubiya.**

Ny fiantsoana azy: Attaqi (Ilay mpatahotra), Al Jawwâd (Ilay malala-tànana), Al Mountakhab (Ilay voatendry), Al Mourtaza (Ilay ankasi-trahiny), Al Moukhtâr (Ilay voafidy), Al Âlim (Ilay Mahay). Maty maritiora izy ny 6 zou-l-hijja taona 220 hidjriya tao akaikin'i Baghdad, ary nalevina izy eo amin'ny fasan'ny Raibeny ny Imamo Moussa Al Kâzimo (a.s) ao Al Kâzimiya.

Niaina tao Al Madina Al Mounawwara ny Imamo Al Jawwâd (a.s) niaraka tamin'ny Rainy ny Imamo Ali ArReza (a.s) nandritra dimy taona, ary voatery ny Imamo ArReza handeha ho any Khouressân noho ny faneren'ny mpitondra Al Ma'moun Al Abbassi. Dia niaina lavitra ny Rainy ny Imamo Al Jawwâd (a.s) mandra-pahafaty maritiora ny Imamo ArReza(as) afaka roa taona.

### **Ny Imamo ArReza(as) nanome lanja tokoa ny zanany lahy**

Nanome lanja tokoa ny fanabeazana ny zanany lahy Al Jawwâd ny Imamo ArReza (a.s), ary nanome lanja sy nanaja azy teo anoloan'ny olona, ary nahafantatra ny sasany tamin'ireo mpanara-dia azy fa izy no mpitarika ara-pinoana aoriany.

Ary ny Imamo ArReza, taorian'ny fifindrany monina tany Khouressân dia tsy nijanona nanoro hevitra ny zanany lahy sy fitarihana azy amin'ny fitondrantena mendrika, eny fa dia lasa ohatra fakan-tahaka amin'ny fahatahorana sy ny fanompoana ary toetra ambony ny Imamo Mohammad Ibn Ali (a.s).

### **Ny fitarihana ara-pinoanan'ny Imamo Al Jawwâd (a.s)**

Namoy ny ainy ny Imamo ArReza (a.s) raha mbola tsy nihoatra ny fahafito taonany ny zanany lahy Al Jawwâd, ka nifindra tamin'ny fitarihana ara-pinoana; ary izy dia mbola kely taona. Sahirantsaina ny maro tamin'ireo shia' amin'izay Imamo aorian'i ArReza, ka lasa nanontany sy nikaroka azy izy ireo, eny fa dia naheno izy ireo

fa Mohammad Ibn Ali dia nilaza fa izy no Imamo tsy voapentin'ny ota ary tsy maintsy ankatoavina izy aorian'ny Rainy ArReza(a.s).

Dia nivory ny lehilahy miisa 80 avy amin'ireo manam-pahaizana shia', ary nizotra ho any Al Madina Al Mounawwara hihaona amin'ny Imamo Al Jawwâd (a.s). Ary tonga tany an-tranon'ny Imamo ireo solontena, ka nahita azy tamin'ny fomba malalaka izy ireo, niditra ny toerana ary niandry...

Afaka kelikely, dia niditra tao amin'izy ireo Abdoullah zanaky ny Imamo Moussa Al Kâzimo, dia niteny ny lehilahy iray: ity zanaky ny Irak'Andriamanitra (saw), ka izay manana fanontaniana dia aoka hanontany azy. Dia nanomboka nanipy fanontaniana ny sasany izay nanatrika, nefa tsy afaka namaly izany tamin'ny valiny marina Abdoullah...dia nilaza izy ireo: raha toa ny zanaky ny Imamo Al Kâzimo tsy afaka manome valiny, nefa izy olona be taona dia ahoana no aha-fahan'i Mohammad Al Jawwâd, nefa izy mbola kely, hamaly izany?

Ary mbola tao anatin'izany fahasahiranan-tsaina izany izy ireo, dia indro niditra tao amin'izy ireo ny Imamo Al Jawwâd (a.s) ary nipe-traka, dia nanontany ireo manam-pahaizana nanatrika, ary namaly azy ireo izy tamim-pahamarinana. Faly izy ireo tamin'izany ary nivavaka ho azy sy nidera azy, ary nijoro vavolombelona ho azy amin'ny fitarihana ara-pinoana (Al Imâmat). Ary niverina tany amin'ny fireneny ireo lehilahy solontena, dia nanambara tamin'ireo shia' fa ny Imamo Al Jawwâd (a.s) no Imamo tsy voapentin'ny ota tamin'ny vanim-potoanan'izy ireo.

### **Ahoana no maha ankizy ny Imamo?**

Angamba ny sasany tamin'ny olona gaga ary nanontany: ahoana no hampety ny ankizy fito taona ho Imamo, izay tsy maintsy ankatoavina, tsy voapetin'ny ota, mahay manavaka, ho avy amin'Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha?

Nefa ny fahagagana dia hiala raha mamaky ny Kor'any masina isika, rehefa nanambara tamintsika Andriamanitra be fahasoavana sy

avo indrindra fa ny Mpaminany Issa Ibn Maryam (Jesosy) (a.s) dia miteny nefa izy mbola minono eo am-pandrian-jaza.

Niteny Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha: «**Ahoana no hiresahanay amin-jazakely mbola eo ampandriana?». Fa hoy izy (zazakely):**”Tena mpanompon’Andriamanitra marina aho. Nanome ahy ny Boky Izy, ary nanendry ahy ho Mpaminany, na aiza na aiza misy ahy, dia nohamasininy aho, ary nandidy ahy hanatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat) sy ny harena fiantrana (zakat) Izy, raha mbola velona aho, ary koa ho tsara fanahy amin’ny Reniko. Tsy nataony mahery setra aho, na mampalahelo. Ary ho amiko anie ny fandriampahalemana, amin’ny andro nahaterahako, ny andro hahafatesako, ary amin’ny andro hananganana ahy ho velona”» (Maryam 19.29-33).

Tahaka ny nandraisan’Andriamanitra be voninahitra sy Avo indrindra an’i Yahya Ibn zakarya (a.s) ho Mpaminany nefa izy zazakely. Niteny Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha: “Ry Yahya (Jaona)! Mifikira mafy amin’ny Boky (nyTaoraty)”. Nomenay ny fahendrena izy, fony mbola zaza” (Maryam 19.12).

Ary dia toy izany no hanehoany amintsika fa ny fitarihana ara-pinoanan’ny Imamo Al Jawwâd (a.s) nefa izy mbola kely dia toe-javatra mety mitranga, ary etsy an-daniny moa ny Imamo ArReza (a.s) tenany mihitsy dia efa nanambara tamintsika fa ny zanany lahy Mohammad Al Jawwâd no Imamo aoriany, satria niteny izy: “Abou Ja’afar, Mohammad Al Jawwâd, no solontenako sy mpandimby ahy amin’ny fianakaviako aoriako”. Ny mpino dia mila zavatra telo: ny fitahian’Andriamanitra, sy fananarana avy amin’ny tenany, ary fanekena izay mananatra azy.

## **Ny Imamo Mohammad Al Jawwâd (a.s)**

### **Abou Zarr Al Ghiffâri (r.a)**

Mpanara-dia an’ny Mpaminany manan-kaja, Jandab Ibn Janâda, fantatra amin’ny hoe: Abou Zarr Al Ghiffâri, anisan’ny mpanara-dia an’ny Irak’Andriamanitra (saw) mendrika indrindra. Niditra ny

finoana Islamo tamin'ny fiandohan'ny faminiana masina, ary talohan'izany dia nanaiky ny mahatokana an'Andriamanitra be voninahitra ary tsy nanompo sampy, voalaza fa izy indray andro dia nahita fosa nitsangana teo ambonin'ny iray tamin'ireo sampy, ka nivalandrano teo amboniny, dia nahazo antoka Abou Zarr fa ireo sampy dia tsy afaka ho Andriamanitra mihitsy, ary izy dia tsy afaka miaro ny tenany amin'ilay fosa kely akory. Nitodidoha tamin'Andriamanitra be voninahitra izy, ary nijoro vavolombelona fa tsy misy andriamanitra afa-tsy Allah.

## Ny Islamony

Ary ny tantaran'ny Islamon'ity mpanara-dia manan-kaja ity dia maneho ny halehiben'ny finiavany amin'ny fikarohana ny fahamarinana, ary ny hafanam-pony teo amin'ny fiarovana izay ninoany. Nitatitra ny mpanara-dia Abdoullah Ibn Abbas (r.a) fa Abou Zarr dia nandefa ny rahalahiny Anis Ibn Janâda tany Makka Al Moukarrama mba hitondra vao-vaon'i Mohammad (saw) ho azy, izay henony ny mikasika azy fa Mpaminanin'ity vahoaka ity izy, ka rehefa niverina Anis dia niteny taminy: "hitako izy mampirisika amin'ny fanaovana tsara, ary mandrara amin'ny fanaovan-dratsy, mandidy amin'ny fitondrantena mendrika, ary henoko taminy ny teny tsy tononkalo akory". Nanapa-kevitra Abou Zarr ho any Makka; ary lasa nikaroka ny Mpaminany tany, nefa izy tsy nahafantatra azy akory, ary rehefa tonga taminy ny alina, dia nipetraka teo amin'ny Ka'aba masina izy, nahita azy ny Imamo Ali (a.s) ka niteny taminy: toa lehilahy vahiny. Dia namaly Abou Zarr: eny. Dia niaraka taminy ny Imamo Ali, nefa tsy nanambara taminy ny antondiany i Abou Zarr, dia niverimberina toy izany ny tranga tao anatin'ny roa sy telo andro, avy eo nanontany azy ny Imamo: tsy mbola nilaza tamiko ianao, inona no nahatongavanao eto amin'ity tanàna ity? Niteny Abou Zarr: raha manome toky





ahy ianao ary fanamby fa hitarika ahy dia lazaiko anao ny antony.

Dia nanome toky azy ny Imamo Ali (a.s), ary fantany avy aminy ny antony nahatongavany tao Makka, ka nanambara taminy mikasika ny Mpaminany ny Imamo, ary niaraka taminy ho any aminy izy, dia niresaka kely izy ireo, avy eo nanambara ny Islamony Abou Zarr, dia niangavy azy ny Mpaminany (saw) hiverina any amin'ny vahoakany, mba hitarika azy ireo amin'ny Islamo, ary tsy hanambara ny Islamony amin'ny vahoakan'i Makka mba tsy hampijalian'izy ireo azy. Nefa noho ny fitiavan'i Abou Zarr izany finoana izany sy ny faniriany amin'ny fitarihana ireo olona amin'izany, no nanosika azy hitsangana eo amin'ny Ka'aba masina, ary niantsoany tamin'ny feo avo: mijoro vavolombelona aho fa tsy misy andriamanitra afa-tsy Allah ary mijoro vavolombelona aho fa Mohammad dia Irak'Andriamanitra.

Nanenjika an'i Abou Zarr ireo mpanompo sampy hamono azy, dia tonga Al Abbas ary nanavotra azy teo am-pelatanan'izy ireo, dia niverina Abou Zarr nanambara ny Islamony tamin'ny andro manaraka, dia niverina indray ny toe-javatra niaraka tamin'ireo tsy mpino, ary Al Abbas dia nanao tahaka izay nataony tamin'ny tranga tamin'ny andro lasa, ary taorian'izany dia nandao an'ny Makka Al Moukarrama Abou Zarr ho any amin'ny fokony izay nipetraka tany an'efitra, hanambarany amin'izy ireo mikasika ilay finoana vaovao.

### **Abou Zarr tao Al Madina**

Nitoetra niaraka tamin'ireo vahoakany zanaky ny fokony i Abou Zarr hatramin'ny taona fahatelon'ny fifindra-monin'ny Mpaminany, avy eo izy nifindra-monina tany Al Madina Al Mounawwara ary nonina tao teo akaiky ny Irak'Andriamanitra (saw), nandala ny fombany, ary nisotro avy amin'ny fahalalany, nisandratra ny momba azy teo amin'ny Mpaminany, ka niteny ny aminy ny Mpaminany (saw): “tsy manaloka ny hamaitsoana –izany hoe ny lanitra – ary tsy kely ny vovoka – izany hoe ny fahamainana – avy amin'ny tompon'ny fahaiza-miteny marina mihoatra an'i Abou Zarr”

## **Abou Zarr mampirisika amin'ny fahatsarana**

Taorian'ny fahafatesan'ny Mpaminany (saw), sy ny fivilian-dàlan'ny olona tamin'ny Imamo Ali (a.s) dia nitoetra niaraka tamin'ireo mpanara-dia vitsy nanatanteraka ny didin'Andriamanitra sy ny Mpaminany Abou Zarr, amin'ny maha mpandimby an'ny Imamo Ali aoriany, ary nanohy ho mpanavotra ny marina sy mpiaro azy, mandra-pahafatiny. Ary rehefa nanohitra ny tsy rariny ny olona tamin'ireo mpitondra Al Oumawiyne tamin'ny fotoanan'ny mpitondra Oussmân Ibn Affân, dia nitsangana Abou Zarr niaro ireo niharan'ny tsy rariny, ary nampirisika ny fahatsarana sy nandrara ny fanaovan-dratsy, ka natoka-monina im-betsaka. Farany dia tany “ar rabzat” izy, ka nivoaka hanao veloma azy ny Imamo Ali niaraka tamin'ny Al Hassan sy Al Houssein, ary Abdoullah Ibn Abbas sy ireo rahalahiny, ary rehefa nahita azy ireo izy dia nitomany sady niteny: amin'ny Raiko, ireto endrika, raha mahita azy ireo aho dia mahatsiaro ny Irak'Andriamanitra (saw), ary nameno ahy ny fahasoavana eo am-pahitana azy, ry Andriamanitra! Mitia azy ireo aho, ary na dia tapatapahina aza aho amin'ny fitiavako azy ireo dia aminy mandrakariva aho, fitadiavana ny endrikao ary ny fonenana any an-koatra. Dia nanao veloma azy ny vahoaka ary niverina, ka nitomany izy ireo tamin'ny fisarahana taminy.

Tany an'efitr'i Ar rabzat, lavitry ny olona, no nandanian'ity mpanara-dia manan-kaja ity ireo androny farany, sady nalahelo izy, mahatsapa marary amin'ity vahoaka izay nanalavitra ny sori-dàlan'ny Kor'any sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany ary ny fianakaviany, avy eo dia nandao azy ny fiainany an-tany, nitolona izy, niharitra, ary nampirisika ny fanaovana ny tsara ary nandrara ny fanaovan-dratsy...

Hamindrafo an'i Abou Zarr anie Andriamanitra, ilay niaina irery, sy maty irery, ary hatsangana irery amin'ny andro fitsanganana, tahaka izay nambaran'ny Irak'Andriamanitra Ilay marina sy itokisana. Niteny Abou Zarr: ry Irak'Andriamanitra, iza ireo mpino feno ny fi-noany? Niteny ny Irak'Andriamanitra (saw): ny mendri-toetra indrindra amin'izy ireo. Niteny Abou Zarr: ary iza amin'ireo mpino no mendrika indrindra? Niteny ny Irak'Andriamanitra (saw): izay tsy ma-

nao ratsy ny olona amin'ny lelany sy ny t nany. Niteny Abou Zarr: ry Irak'Andriamanitra, ary fifindra-monina inona no tsara indrindra? Niteny ny Irak'Andriamanitra (saw): izay mifindra mamela ny faharatsiana.

*Amin'ny anaran'Andriamanitra, Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo*

## Ny lal m-panompoana

*Fizarana fahadimy*

### Ny lalam-panompoana

#### Ireo loto – An naj ss t (1)

Misy karazany maro ireo loto, ary ho fantarintsika ny sasany amin'izany amin'ny alalan'ny andiany amin'ireo ohatra:

**1- Ny fivalanandrano (pipi) sy ny fivalanana (kaka), toy ny pipi sy kaka avy amin'ny:**

- Olombelona
- Ny saka
- Ny bitro
- Ny voalavo
- Ny liona

**Fanontaniana:** moa ve ny fivalanan'ny trondro anisan'ny loto?

**Valiny:** tsia, madio.

**Fanontaniana:** ary ahoana ny an'ny vorona toy ny voromailala sy ny voromahery?

**Valiny:** ny fivalanan'izy ireo dia madio ihany koa.

**Fanontaniana:** ary ny fivalanan'ny bibikely sy ny biby mandady?

**Valiny:** eny madio, toy ny fivalanan'ny gadradraka, ny bibilava, sy soka-  
tra ary ny sahoana.

**Fanontaniana:** ary ahoana ny amin'ireo biby izay fihinana ny henany?

**Valiny:** ny fivalanan'ny biby rehetra izay fihinana ny henany dia madio  
avokoa, toy ny omby sy ny ondry ary ny rameva sy ny “gazelle”.

### 3- Ny rà, anisan'izany

- Ny olombelona.

- Ny ondry.

- Ny akoho

- Ny ombivavy.

- Ny bitro

- Ny fosa.

- Ny voalavo.

**Fanontaniana:** moa ve ny ràny ny bibikely sy ny biby mandady madio?

**Valiny:** eny, madio.

**Fanontaniana:** ary trondro ve  
torak'izany?

**Valiny:** eny, torak'izany, ny  
ràny trondro madio.

**Fanontaniana:** ary inona no  
fitsipika ahafantarana ny biby  
izay manana rà madio amin'ny  
anikoatany?



**Valiny:** ny fomba dia tsotra tokoa, ny zava-mananaina dia mizara roa:

**Ny fizarana voalohany:** raha tapaka aminy ny lalan-drà lehibe dia mivoaka amin'izany toerana izany ny rà amin-kery sy mifantsitsitra, toy ny olombelona sy ny ondry, ary ny bitro.

**Ny fizarana faharoa:** raha tapaka lalan-drà lehibe na maratra dia mivoaka amin'izany toerana izany ny rà, amin'ny endrika malefaka tsy mifantsitsitra, toy ny bibilava, sy ny trondro ary ny lalitra. Ka noho izany, ny ràny zava-mananaina amin'ny fizarana voalohany dia maloto, fa ny ràny zava-mananaina amin'ny fizarana faharoa kosa madio.

### **Ireo loto – An najâssât- (2)**

Fantatsika ny karazana loto telo, ary eto isika dia mila mahafantatra ny fanampin'izany:

#### **4- Ny faty**

**Fanontaniana:** inona moa ny faty?

**Valiny:** ny mananaina rehetra maty tsy nodidiana na nohazaina araka ny fomba manaraka ny fitsipi-pinoana Islamo.

**Fanontaniana:** ahoana izany?

**Valiny:** apetratsika fa ianao dia manana fody ao anaty tranovy kely, dia hitanao tampoka tamin'ny andro manaraka fa maty ilay fody, ary rehefa maty ilay fody, satria izy moa maty tsy notapahina ara-pitsipi-dalàm-pinoana, tahaka ny tsy nahafaty azy tamin'ny fihazana.

**Fanontaniana:** raha nahazo ny fandrika, fihazana, ka nahazo ny lohamborona ny fandrika dia maty izy, azo apetraka ho faty ihany koa ve izany?

**Valiny:** eny, satria Andriamanitra be voninahitra sy avo indrindra dia efa namaritra ho antsika fomba manokana ho an'ny fihazana izay raha maty amin'izany ny zava-mananaina dia tsy apetraka ho faty izy.

**Fanontaniana:** toy ny inona?

**Valiny:** raiso izao ohatra izao;

- raha mihaza trondro ianao amin'ny lelam-pitana na harato ohatra, dia namoaka azy ianao avy ao anaty rano; ka maty izy, amin'izay fotoana izay izy dia tsy faty.

- Raha nandefa zana-tsipika ianao na basy tamin'ny vorona ary nano-nona ny anaran'Andriamanitra Ilay avo indrindra teo am-pitifirana, ary voa ilay vorona, ka maty avy hatrany dia tsy faty(loto) izy.

**Fanontaniana:** ohatra, izaho nanapaka akoho, nefa tamin'ny fomba tsy araka ny fitsipi-dalàm-pinoana, ohatra tamin'ny herin'aratra, na fikapohana ny lohany, moa ve apetraka ho faty ihany koa?



**Valiny:** eny, apetraka ho faty, satria ny fanapahana araka ny fitsipi-dalàm-pinoana dia misy fepetra manokana, saingy tsy mbola mianatra izany isika eto.

**Fanontaniana:** moa ve ny fatin'ny zava-mananaina rehetra maloto?

**Valiny:** tsia, efa fantatrao tamin’ny lesona teo aloha fa any ho any dia misy fizarana roa amin’ny zava-mananaina, voalohany manana rà mi-fantsitsitra ary faharoa tsy toy izany.

Ka raha amin’ny fizarana voalohany dia maloto ny fatiny. Toy ny: olombelona – ny saka – ny bitro – ny fosa – ny ganagana. Fa ny amin’ny fizarana faharoa kosa, ny fatiny dia madio. Toy ny hala – ny katsatsaka – “coléoptère” – ny vitsika.

### Ireo loto – An najâssât- (3)

Ho fantarintsika amin’ity lesona ity ny andiany hafa amin’ireo loto.

#### 5- Ny alika.

**Fanontaniana:** ny alika rehetra ve dia maloto avokoa, hatramin’ny fiompy, ny ampiasaina mpitandro filaminana ary ny ampiasaina hihaza?

**Valiny:** eny, maloto avoko izy rehetra.

**Fanontaniana:** izany hoe ny kaka-ny sy pipi-ny dia maloto avokoa?

**Valiny:** tahaka ny mampaloto ny pipi-ny sy ny kaka-ny, dia maloto iha-ny koa izy, ny vatany, ny volony, ny hiviny, ary ny singa rehetra aminy.

#### 6- Ny kisoa.

**Fanontaniana:** ny kisoa dia maloto tahaka ny alika?

**Valiny:** eny, ny singa rehetra aminy, ny vatany, ny kaka sy pipi-ny, ary ny hiviny.

**Fanontaniana:** nefa ny zavatra vita amin’ny hoditra namboarina tamin’ny hoditra kisoa, toy ny akanjobe mafana, ny kiraro ary ny harona,

tahaka ny sasany amin'ny borosy fampiasa amin'ny sary ny fandokoana namboarina tamin'ny volon-kisoa, moa ve maloto izany rehetra izany?

**Valiny:** eny, maloto avokoa.

**7- Ny toaka, labiera, ary ny ranon-javatra mahamamo sy ny sisa.**

**8- Ny tsy mpino (kâfir), toy ny boudista; ny Hindou, ary ny tsy mpino an'Andriamanitra.**

**Fanontaniana:** moa ve ny kristiana sy ny jiosy maloto ihany koa?

**Valiny:** tsia, ny olon'ny Boky dia madio.

### **Fanamarihana manan-danja**

**Fanontaniana:** ahoana no mampaloto ny zavatra madio?

**Valiny:** diniho ireto ohatra manaraka ireto:

1- Ny pitika pipy latsaka amin'ny sisin'ny akanjonao. Ka amin'izay fotoana izay, iny faritra amin'ny akanjonao iny dia efa maloto.

2- Naratra ny rantsan-tananao, dia nilatsaka amin'ny tany ny piti-drà, avy eo nitsahin'ny tongotrao izany toerana izany alohan'ny hahamaina ilay rà, ka noho izany ny faladianao dia efa naloto, teo amin'ny faritra izay voakasiky ny rà.

3- Ny hivin'ny alika miko-riana amin'ny lamaka, avy eo maina, nefa ny tongotrao mbola mando, dia nanitsaka





izany toerana izany. Ary amin'izay fotoana izay, ny faladian'ny tongotrao dia efa naloto tamin'ny faritra izay voakasiky ny hivy maina.

4- Nivalandrano ny saka, teo amin'ny gorodon'ny trano, dia maina ilay pipy, avy eo nanitsaka izany toerana izany ny tongotrao maina. Amin'izay tranga izay, dia tsy maloto ny tongotrao. Nahoana? Satria amin'io tranga io, ny loto dia maina tahaka ny tongotrao maina. Fa amin'ireo tranga teo aloha kosa dia mbola mando ireo loto, na mando ny zavatra izay nikasika azy.

### **Ny fanadiovana amin'ny alalan'ny rano (1)**

Raha maloto ny zavatra iray madio, dia azo atao ny manadio azy amin'ny fomba sasantsasany. Ary eto dia hianarantsika ahoana ny fanadiovantsika amin'ny alalan'ny rano.

#### **Ohatra (1): maloton'ny pipy ny sisin'ny akanjo.**

##### **Fomba fanadiovana**

1- Sasantsika ny faritra maloton'ny pipy, mandra-pialan'ny pipy tanteraka, ary tohizantsika kely ny fanasana aorian'izany, avy eo aholantsika izy.

2- Sasantsika amin'ny rano indray ihany ilay faritra, avy eo aholantsika izy.

#### **Ohatra (2): maloton'ny pipy ny ampahan'ny vatana.**

##### **Fomba fanadiovana:**

1- Sasantsika amin'ny rano ilay toerana maloto, ary tohizantsika kely izany aorian'ny nampiala ny pipy.

2- Averintsika indray ihany ny fanasana ilay faritra.



**Ohatra (3): maloton'ny pipy ny zavatra, toy ny singana metaly sy plastika.**

### **Ahoana ny fanadiovana**

- Sasantsika amin'ny rano ny faritra maloto, dia tohizantsika kely izany, aorian'ny fialan'ny pipy.

### **Ny fanadiovana amin'ny alalan'ny rano (2)**

Nianatra isika tamin'ny lesona teo aloha ny fomba fanadiovana amin'ny tranga sasantsasany, ary amin'ity lesona ity dia hianatra ny fomba fandiovana amin'ny tranga hafa isika.

**Ohatra (4): maloto ny sisin'ny akanjo, tsy tamin'ny pipy, fa rà ohatra.**

### **Fomba fanadiovana**


- Sasantsika ny faritra maloto, mandra-pialan'ny rà, dia tohizantsika kely izany aorian'ny fialany, avy eo aholana izy.

**Ohatra (5): maloto ny ampahan'ny vatana, tsy tamin'ny pipy, fa tamin'ny kaka ohatra.**

### **Fomba fanadiovana**

- Sasantsika ny faritra maloto mandra-pialan'ny kaka, ary tohizantsika kely izany aorian'ny fialany.

**Ohatra (6): maloto ny zavatra tsy tamin'ny pipy, fa ny hatsembohan'ny tsy mpino ohatra.**



## Fomba fanadiovana

- Sasantsika ny toerana maloto mandra-pialan'ny hatsembohana, ary tohizantsika kely izany aorian'ny fialany.

**Fanamarihana:** ny fanadiovana ny lovia sy ny siny amin'ny loto, dia fitsipi-dalàna hafa.

### Ny fanadiovana tsy amin'ny alalan'ny rano

Efa fantatsika ny sasany amin'ireo fomba fanadiovana amin'ny alalan'ny rano, ho fantarintsika eto ireo mpanadio hafa ankoatra ny rano.

1- **Ny masoandro:** izy dia manadio ny tany sy ny zavatra miorina mitombina tanteraka eo aminy, toy ny rindrina.

**Fanontaniana:** ahoana no hanadiovan'ny masoandro ny tany sy ny trano?

**Valiny:** amin'ny alalan'ny fiposahany eo aminy, mandra-pahamainany, vokatry ny tara-masoandro miaraka amin'ny fialan'ny loto eo aminy.

**Fanontaniana:** ary raha toa ilay tany maloto maina, nefa isika mila manadio azy amin'ny alalan'ny masoandro?

**Valiny:** tondrahantsika rano eo aminy, ka rehefa hamainin'ny masoandro izy dia madio.

2- **Ny tany:** raha maloto ny faladian'ny tongotra na ny faladian'ny kiraro amin'ny fandehanana amin'ny tany, dia manadio azy ireo ny tany, raha mandeha eo amboniny, na misafo azy ny faladian'ny tongony, na ny kirarony miaraka amin'ny fialan'ny loto eo aminy.

3- **Ny fiovan-toetra:** raha miova ny loto na ny voaloto ho madio, tahaka ny fiovan'ny toaka ho vinaigitra, na fiovan'ny rano voaloto ho etona.

4- **Ny Islamo:** raha lasa mpino silamo ny tsy mpino, de manjary madio izy.

### **Anisan'ny fitsipi-dalàn'ny loto**

- Fepetra amin'ny fahamarinan'ny swalat ny fahadiovan'ny toeran'ny fiankohofana (toerana ipetrahan'ny handrina).

- Fepetra amin'ny fahamarinan'ny swalat(fardha «tsy maintsy atao» nafila «tsara raha atao»), ny fahadiovan'ny vatana sy ny akanjon'ny mpivavaka.

**Fanontaniana:** raha tsy fantany fa maloto ny akanjony (na ny vatany), avy eo fantany izany aorian'ny nahavitany ny swalat, inona ny lalàn'ny fivavahany?

**Valiny:** tsy mamerina ny swalat izy, no tsy manonitra izany.

**Fanontaniana:** raha tsy fantany fa maloto ny akanjony (na ny vatany), avy eo fantany izany teo am-pivavahana, inona no ataony?

**Valiny:** tapahiny ny fivavahany, ary dioviny ny vatany, na ny akanjony na soloiny ny akanjony, avy eo averiny indray ny swalat.

**Fanontaniana:** raha mahafantatra ny loton'ny akanjony izy na (ny vatany) nefa nanao tsirambina, dia adinony ary nivavaka izy, inona no ataony?

**Valiny:** tsy maintsy mamerina ny swalat izy, na manonitra izany, raha toa ny fotoanan'ny swalat efa tapitra.

- Voarara ny fihinanana ny loto, sy ny fisotroana azy.

- Voarara ny fandotoana ny moske sy izay ao anatiny, ny lamaka, sy ny varavarana ary ny ankoatra izany, ary raha misy maloto izany dia tsy maintsy diovina avy hatrany.

- Voarara ny fandotoana ny Kor'any masina, sy ny fasan'ireo tsy voa-

pentin'ny ota (a.s).

## Ireo manapaka ny fifehezana

Ny fifehezana (syâm) dia adidy tsy maintsy atao araka ny fitsipidalam-pinoana, ho an'ny mpino silamo, niteny Andriamanitra Ilay Mahery sy Tsitoha: «**Ry mpino! Voasoratra sy voadidy ho anareo ny fifehezana tahaka ny nandidiana izany tamin'ireo vahoaka tany alohanareo, mba hahatonga anareo ho vontompinoana**» (Al baqara 2.183).

Ka ao anatin'ny volana Ramadany, isan-taona dia mifehy ny mpino silamo, manomboka vao mangiran-dratsy (al fajr) ka hatramin'ny filentehan'ny masoandro (al maghrib). Ka hifadian'izy ireo ny fanaovana zavatra maro, antsoina hoe “al mouftirât” (ireo manapaka).. ka inona izany?

### Ireo manapaka ny fifehezana dia maro, ho tanisaintsika ny sasany amin'izy ireo

1- Ny **fihinanana**: na dia kely monja aza, toy ny voan-tsiramamy iray ohatra.

**Fanontaniana**: raha mihinana tany kely na hazo kely na plastika kely ny mpifehy. Moa ve simba ny fifehezana?

**Valiny**: eny, simba ny fifehezany, amin'ny fihinanana na inona na inona.

2- Ny fisotroana: na dia kely monja aza, toy ny rano indray mitete ohatra, na zavatra tsy mahazatra azy, toy ny menaka fiarakodia.

3- Ny lainga amin'Andriamanitra sy ny Iraka (saw) na ireo Imamo (a.s) fanahiniana.

4- Ny fandoavana fanahiniana.

**Fanontaniana**: raha marary ny mpifehy, dia mandidy azy handoa ny

mpitsabo, moa ve simba ny fifehezany?

**Valiny:**eny, simba ny fifehezany.

**Fanontaniana:** raha latsaka any am-bava amin'ny alalan'ny orona ny zavatra iray; na mivoaka ny zavatra avy any an-tendany, dia tafiditra ao am-bavany, inona no zavatra ataon'ny mpifehy amin'izay?

**Valiny:** ny tsara indrindra, ny handrorany izany zavatra izany; fa tsy mitelina izany izy.

**Fanontaniana:** raha mandrezatra ny mpifehy dia nisy zavatra nivoaka avy any amin'ny tsinainy, ary tonga ao am-bavany, azony atao ve ny mitelina izany?

**Valiny:** tsy mitelina izany izy, fa mandrora azy, raha vitany izany, fa raha nidinatany amin'ny tsinay indray izany, nefa izy mifehy diamety ny fifehezany.

# Fizahan-takelaka

<b>Ny Kor’any masina</b> .....	3
<b>Fizarana voalohany</b> .....	3
Sourat al jomou’a (1) .....	4
Sourat al jomou’a (2) .....	8
Sourat al jomou’a (3) .....	11
Sourat al jomou’a (4) .....	16
Sourat al jomou’a (5) .....	20
<b>Ny foto-pinoana</b> .....	23
<b>Fizarana faharoa</b> .....	23
Ny fitarihana ara-pinoana (Imâmat) ao amin’ny Islamo (1) .....	23
Ny fitarihana ara-pinoana (Imâmat) ao amin’ny Islamo (2) .....	27
Ny fitarihana ara-pinoana (Imâmat) ao amin’ny Islamo (3) .....	31
Ny toetran’ireo mpitarika ara-pinoana (Imamo) (a.s) .....	34
Ny fanelanelanana (ac chafâa’) .....	37
<b>Ny fitondrantena</b> .....	41
<b>Fizarana fahatelo</b> .....	41
Ny fifosana (al ghîbat) .....	41
Ny ohatra fankan-tahaka ambony indrindra amin’ny famoahana .....	46
Fanaovantsoa Ray aman-dReny (Birrou-l wâlidaine) .....	49
Ilay farany amin’ireo satana .....	52
Ho azy ireo, avy aminay ny Al Fâtiha .....	55
<b>Ny tantara</b> .....	58
<b>Fizarana fahaefatra</b> .....	58
Ny Imamo Ali Ibn Moussa Ar Reza (a.s) .....	58
Assaida Zainabo zanaky ny Mpitarika ny mpino (a.s) .....	61
Adin’i Siffîne .....	65
Ny Imamo Mohammad Al Jawwâd (a.s) .....	68
Abou Zarr Al Ghiffâri (r.a) .....	71
<b>Ny lalàm-panompoana</b> .....	75
<b>Fizarana fahadimy</b> .....	75
Ireo loto – An najâssât (1) .....	75
Ireo loto – An najâssât- (2) .....	77

Ireo loto – An najâssât- (3) .....	79
Ny fanadiovana amin’ny alalan’ny rano (1) .....	81
Ny fanadiovana amin’ny alalan’ny rano (2) .....	82
Ny fanadiovana tsy amin’ny alalan’ny rano .....	83
Anisan’ny fitsipi-dalàn’ny loto .....	84
Ireo manapaka ny fifehezana .....	85